## ARIVONIMAMO

# NANDRIAKA NY RA, JIOLAHY MIISA 6 MATIN'NY FOKONOLONA SY NY ZANDARY

4

## MARINA IZANY !

# TSY ROTOTRA


6

## IZY NO IZY

15

### RANDRIANARIVELO DIEU DONNÉ

# MPANAO KARATE SY MPILALAO BAOLINA KITRA




Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7838 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 05 aprily 2024


## Tafa....sika

3

### EUSEBIA



# "TSY MANAO MOZIKA TROPIKALY AHO FA HAFA"

## FISONDROTRY NY VIDIM-PIAINANA

6


# MAMPANENO LAKOLOSY NY MPITONDRA FIVAVAHANA

## ANTANANARIVO - SAMBAVA

9

# IMPITO MIAMPITA LAKANA, BAJAJ, TAKSIBOROSY, VAO TONGA






## Zoma manifika

**Farah John's**
**Hanafana ny sehatra etsy amin'ny Djembe Antaninarenina**




Hanafana ny sehatra etsy amin'ny Djembe Antaninarenina i Farah John's anio hanomboka amin'ny 9 ora alina. Santionany amin'ireo hira entiny mandritra ity zoma manifika ity ilay hira hoe « Matahora zangahary », « Malemilemy », « Zaho tsy hiala », « Assurée». Hiavaka tsy tahaka ny seho efa nataony tany amin'ireo toeram-pilanonana hafa ity etsy amin'ny Djembe ity noho ny fisian'ireo hira vaovao vao navoakany ka ahazo tombony amin'izany izay tonga eny an-toerana. Vonona hanolotra sy hizara hafaliana sy hafanana ary fahafinaretana ho an'ny rehetra i Farah John's ka samy hahazo ny anjarany avokoa ny sokajin-taona rehetra fa tsy misy miala maina.

**Mamina Kanto Gasy**
**Hanolotra seho miavaka etsy Ankorondrano**



Ao amin'ny Arboretum etsy amin'ny villge des Jeux Ankorondrano no hitondran' ny Mamina ny kantony anio hanomboka amin'ny 7 ora hariva. Mandritra izany no hitondrany ireo hirany tsy afaka ambavan'ny maro hifangaroan'ny hira vaovao sy ireo izay efa nahafantarana azy hatramin'izay. Hiavaka ity anio ity satria dia Gasy gasy amin'ilay matsiro nefa mitondra fijery vaovao hanaraka ny toe-trandro. Mampiavaka azy rahateo ihany koa ny fiangaliana ireny gadona nentim-paharazana ireny amin'ny alàlan'ny gitara. Anisan'ny tena nampiavaka an'i Mamina ohatra ilay hirany hoe « Dify », « Fara andro », « lapa vaovao » ry « Mila vonjy ny kanto Gasy ». Tsy misy vidim-pidirana ity seho ataon'i Mamina ity fa ny fanjifana ireo tolotra sakafo sy zava-pisotro omanin'ny toerana no solony.

**Do Rajohnson**
**Hihaona amin'ny mpankafy azy eny Anosizato**



Eny amin'ny Le Santilo Anosizato indray no hifamotoana amin'ny mpankafy azy i Do Rajohnson. Anio amin'ny 7 ora hariva no hanomboka ny fampisehoana ary mandritra izany no hitondrany ireo hira nampalaza sy nahafantarana azy hatramin'izay ka anisan'izany ilay hirany hoe « Tiako loatra », « Ho anao ». Hira manambara fitiavana sy ny manodidina azy daholo ireo fa eo ihany koa ireo hirany vaovao izay hilazany ny olana misy eny anivon'ny fiarahamonina amin'izao fotoana izao sy ireo hira mitondra fananarana ho an'ny tanora.

**Nangonin'i Tiaray R**

### Magic Squad Madagascar

# Miantso ny mpanao mazia rehetra hiatrika ny " Festival de Magie "

*Zavakanto ny Mazia ary hakingan-tanana sy fanovamaso no mibahantoerana ao aminy.*




**Razakamahefa Mendrika Mathieu sy ireo ekipan'ny Magic Squad Madagascar**

Ao anatin'ny fikarakarana ny andiany voalohany amin'ny hetsika « Festival de Magie » amin'izao fotoana izao ny Fikambanana « Magic Squad Madagascar ». Sambany teo amin'ny tantaran'ny hetsika ara-kolotsaina no nisian'izany hetsika izany ary amin'izao fanombohana izao dia ny Alliance Française Antananarivo etsy Andavamamba no handray azy ny 27 Avril izao. Razakamahefa Mendrika Mathieu, mpandrindra, tompon'andraikitra voalohany sady anisan'ny namorona ny fikambanana « Magic Squad Madagascar » dia nilaza fa efa maro ny Malagasy any amin'ny faritra sy eto Antananarivo no liana sy mankafy ny Magie ka io no antony nahatonga azy ireo hiroso amin'ny fikarakarana ny hetsika. Nisy akony tsara tamin'izy ireo ihany koa ny seho sy hetsika efa nataony nandritra ny fitetezam-paritra. Miantso ny mpanao mazia rehetra araka izany ny Magic Squad Madagasikara hiara-hanamarika amin'izy ireo ity hetsika ity. Iray andro ihany no hanatanterahana azy kanefa maro ny hetsika atao mandritra izany. Raha ny fanazavana, hanomboka amin'ny 8 ora sy sasany maraina ny fotoana ka aorian' ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy dia hisy ny velakevitra sy atrikasa mikasika ny tontolon'ny « magie ». Tsy misy vidim-pidirana fa maimaimpoana kanefa ahafantarana zavatra maro. Aorian'izay dia hisy ny fifaninana ka izay telo mendrika indrindra no hahazo loka. Ny tolakandro sady hamaranana ny hetsika ny fampisehoana handraisan'ireo efa matihanina anjara. Ho an' ireo izay handray anjara amin'ny fifaninana dia efa afaka mandefa hafatra miafina amin'ny pejy fesibokin'ny Magic Squad Madagascar.

**Zavakanto ny Mazia**

Ny Magic Squad Madagasikara moa dia efa 7 taona izay no nisiany fa anarana hafa no nentiny tamin'izany fa taty amin'ny taona 2021 vao nametraka io anarana Magic Squad Madagasikra io. Tanora 6 mirahalahy no mandrafitra ny mpikambana amin'izao fotoana izao ary samy manana ny mampiavaka azy daholo eo amin'ity resaka mazia ity. Nomarihan' i Razakamahefa Mendrika Mathieu fa tsy misy hidiran' ny asan-devoly sy ny asan' ny maizina ny mazia ataon' izy ireo fa miorina amin'ny hakingana sy ny fanjavonamaso na mazia natao hialana voly. « Zavakanto mahavariana ny sokajintaona rehetra hatrany amin' ny ankizy sy tanora ary antitra ny majika ary voatahiry tsara foana ny tsiambaratelony » hoy i Mendrika Mathieu. Nampiana-tena tany amin'ny misy azy tany ny mpikambana ao amin'ny Magic Squad Madagascar ka ireny mikirakira karatra ireny no niantombohany. Samy nanao fikarohana indray izy ireo ary amin'izoa fotoana izao dia efa mampiasa fitaovana hafa tahaka ireny any an-dafy hita amin' ny televizionina ireny.

**Tiaray R**

### Joel Andrianomearisoa

# Notoloran'ny fanjakana Frantsay Mariboninahitry ny Kanto

Mpanakanto misehatra amin' ny asa tanana maroloko i Joël Andrianome. Maro ny fampiratiana efa nandraisana anjara ary izy no nitondra avo ny anaran'i Madagasikara teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena tamin'ny alàlan'ny « art contemporain ». Noho ireo famoronana nataony no isan'ny nanosika ny fanjakana Frantsay hanolotra ny mariboninahitry ny kanto ho azy dia ny « Chevalier de l'ordre des Arts et des Lettres ». Ankoatra izay dia noho izy mizaka ny zom-pirenena roa dia Malagasy sy Frantsay. Anisan'ny manavanana azy ny kanton'ny tanan-dehibe manaraka vanim-potoana izay hanehoany ny hosodoko sy ny zavatra vita amin'ny lamba, taratasy, indraindray hazo na zavatra tsy ampoizina toy ny fitaratra, menaka manitra, sy izay azo tsapain-tanana rehetra. Amin'ny ankapobeny dia mpanakanto feno izy. Maro ny fampiratiana efa nandraisana anjara ary izy no nitondra avo ny anaran'i Madagasikara teo amin'ny sehatra iraisampirenena tamin'ny alàlan'ny « art contemporain ». Isan'ny asa tanany ilay aranty etsy amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely vita amin'ny vy mifampitohy hoe « Eto isika dia manandratra ny nofin'izao tontolo izao ». Isan'ny nanangana sady mitantana ny « Hakanto Contemporary » etsy Ankadimbahoaka izy. Nalaza tamin'ny asa goavana nataony i Joël Andrianomearisoa ka anisan'izany ilay hoe « I have forgotten the night », fametrahana taratasy goavam-be naseho tao amin'ny Venice Biennale tamin'ny taona 2019, teo koa ny fampirantiana « Brise du Rouge Soleil » momba ny tilikambo sy ny tovon'i Aigues-Mortes tamin'ny fotoan'ny Andron'ny vondrona Afrikanina ny taona Afrika 2020. Tamin'ny taona 2022, dia nampiranty ny sanganasany « The Five Continents of All Our Desire » tao amin'ny Zeitz Museum of Contemporary African Art ao Cape Town. Fa anisan'ny tena nahafantarana sy nampalaza azy ny fandraisany anjara tamin'ny fetiben'ny lamaody Manja (1998), ny fetiben'ny dihy Sanga (2003), ny festival Photoana (2005). Très-Songes (2011), Parle-moi (2016). Izy no nisolo tena an'i Madagasikara tamin'ny Biennale faha-58 tao Venise tamin'ny taona 2019. Firenena maro no efa nampiratiany ny sanganasany ka anisan'izany ny MAXXI, Roma; Hamburger Bahnhof, Berlin; ny Smithsonian National Museum of African Art, Washington DC; ary ny Centre Pompidou, Paris



**Nosalorana ny mariboninahitra " Chevalier de l'ordre des Arts et des Lettres " teo amin'ny faha-47 taona i Joel Andrianomearisoa.**

**Tiaray R**

# Tafa....sika

Eusébia

## " Tsy manao mozika tropikaly aho fa mozika hafa mihitsy "

*Teraka sy nobeazina tao anatin'ny mozika i Eusebia (zanaka vavin'i Jaojoby). Mbola zaza dia efa nampihirain'i Jaojoby izy mianadahy avy. Taty aoriana nandihy tao amin'ny tarika Jaojoby. Nikopak'elatra, saingy tsy niangaly tropikaly fa mozika hafa mihitsy no novoiziny. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*

**Gazetiko** : Hitety faritra maromaro any Eorôpa ianao. Hazavao kely ny momba io « Faka tour » io? Iza no mikarakara ?

**Eusebia** : « *Hanao fitetezam-paritra any Eorôpa mihitsy izahay amin'ny volana jona, jolay, aogositra. Fotoanan'ny maintany io. Efa tamin'ny taon-dasa izahay no nikarakara io « Faka tour » io. Ilay hoe « Faka », lohatenin'ny tahirin-kirako fahatelo. Hoentina hampahafantarana sy hampiainana an-tsehatra io vokatra vaovao io any Eorôpa. Efa misy « manager » mikarakara ny fiaraha-miasa amin'ireo festival andehananay ireo* ».





**Gazetiko** : Matetika mahazo fifanarahana amin'ny mpikarakara hetsika vahiny ianao, indrindra frantsay. No ho ianao manambady vazaha vé ? Afaka mizara traikefa ve ianao raha misy te hanaraka ny lalana nodiavinao amin'ny mozika ?

**Eusebia** : « *Tsy no ho izaho manambady vazaha no mahazo ny fiaraha-miasa fa manao fangatahana ohatran' ny olona rehetra ihany. Mandefa dosie amin'ireny mpikarakara festival ireny fa noho ny traikefa efa marobe sy ny nandraisana anjara tamin'ny festival maromaro na teto an-toerana na tany ivelany, dia mipetraka ny fitokisan'ny mpikarakara. Mandinika tsara ny zavatra efa nataonao ireny mpikarakara ireny vao miantso. Rehefa misy artista namana, mangataka toro-hevitra amiko amin'ny lalana atao dia manome foana aho. Ary izaho tena mampirisika ny artista namana hanao izany* ».

**Gazetiko :** Mamoron-kira vé ianao? Mba tantarao hoe ny lalana nodiavinao ka nahatonga anao amin'izao toerana izao ?

**Eusebia** : « *Tena mamoron-kira izaho izao. Ary ato ho ato misy vokatra kely hivoaka. Ny lalana nodiaviko teo amin'ny sehatry ny mozika indray somary lavalava ihany. Fa tamin'ny 2011 no tapakevitra aho, ka nanombohako nanangana ny gropy Eusebia. Taminy 2014 vao nahavoaka ny vokatra voalohany. Ny zavatra nataoko voalohany, ny nanao mozika mampiavaka ahy amin'ny be sy ny maro. Izany hoe tsy nanao mozika tropikaly. Nanomboka teo, nanao dosie sy nandefa fangatahana foana rehefa misy ny tsenan'ny lamozika any ivelany. Voaray tamin'ireny aho, nanomboka ny taona 2016 (traikefa voalohany), ka isaorana ny Zagnahary fa nisy vokany foana ny zavatra natao rehetra* ».

**Gazetiko** : Inona ny torohevitra omenao ny artista te hivoaka amin'ny sehatra iraisam-pirenena ohatra anao?

**Eusebia** : « *Ny torohevitra, amin'ny artista te hivoka amin'ny sehatra iraisam-pirenena : Mitovy amin'ny nataon'ireo zoky ray amandreny taloha manana ny maha izy azy ireo ary nitondra ny kanto malagasy lavitra indrindra dia ny manao vakoka Malagasy. Mba tsy hijanonana aminy sehatr' ireo malagasy monina any ivelany fotsiny* ».

**Gazetiko** : Ahoana izany hoe reny mpihira, mikarakara tokatrano, mitantana orinasa, manao fitetezam-paritra?

**Eusebia** : « *Reny mpihira manao fitetezam-paritra aloha tena asa be. Satria mila fahaizana mandamina ny fotoana amin'ny fikarakarana ny tokatrano sy ny ankizy. Misy fotoana vizana avy miasa nefa tsy maintsy mikarakara sakafo, manatitra mpianatra. Mikarakara Ramose* »

**Gazetiko** : Manana mpampiakanjo manokana vé ianao? Inona no maha samihafa ny manao fampisehoana eto sy any andafy ?

**Eusebia** : « *Manana mpanjaitra manokana mihitsy izaho, izay niara-niasa tamiko hatramin'izay mbola mpandihy tao amin'ny tarika Jaojoby ka hatramin' izao. Fa izaho ihany no mamorona ny modely tiako hatao.*


*Ny mahasamihafa ny fiakarana an-tsehatra eto sy any andafy ? - Ny eto aloha, raha tsy tropikaly no ataonao, miaraka amin'ny mpandihy isan-karazany dia tsy mahataitra ny olona. Efa zatra an' izay ny mpijery eto amintsika, fa any andafy dia mijery sy mihaino anao no ataony voalohany* ».

**Dinika nifanaovan'i Fy**

Mpanao hatsikana Frantsay - Rodrigue

## Ho avy aty amintsika, hanatanteraka seho tokana eny Ivato

Rodrigue. Mpiangaly ilay karazana hatsikana malaza amin'izao fotoana hoe « stand-up » any Frantsa any. Tamin'ny 2022 ny lehilahy no nahazo loka tao anatin'ny festival-n'ny hatsikana notanterahana tany Parisy. No ho ny stand-up mbola tsy manana ny toerany eto amintsika, nefa efa lamaody any Eropa sy Etazonia. No nahatonga ny Ethnika Event hanafatra an'i Rodrigue, mpanakanto frantsay anisan' ny manana ny toerany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ho aty amintsika. Fampisehoana tokana ihany no voalaza fa ho tanterahany amin'izao fandalovany izao. Ka araka ny programa, ny sabotsy 20 aprily 2024 manomboka amin'ny 3 ora folakandro no hiaka-tsehatra ao amin'ny efitrano malalaky ny Mining Business Center (MBC) Ivato ny lehilahy.



**Seho tokana no ho tanterahany eny amin'ny MBC Ivato.**

Hetsika, izay hambaran'ny Ethnika Event fa tokony araraotintsika malagasy mba hahafahana mahita zavabaovao eo amin'ny sehatry ny hatsikana malaza erantany ankehitriny. Ho an'ny mpialavoly aloha izay. Fa ho an'ireo mpanakanto mpiangaly sy mpankafy « stand-up » (izay manomboka mahazo vahana eto amintsika) ihany koa. Fotoana tokony hakana lesona sy hijerena ny fomba fanaon'ny vahiny iraisam-pirenena io fiakarana an-tsehatr'i Rodrigue io.

*Efa malaza any Eropa sy Amerika amin'izao fotoana ny hatsikana amin'ny endrika " Stand-up ", ka hampiakarana ny lazany no hahatongavan' i Rodrigue eto.*

**Mitantara ny fiainany**

Amin'ny ankapobeny, mirona amin'ny fitantarana ny fiainany amin'ny fomba mahatsikaiky ny fampisehoan'i Rodrigue. Izany hoe nanomboka tamin'izy mpianatry ny kolejy, ka hatramin' ny fotoana naha tonga taona azy. Teo amin'ny sehatry ny asa na ny fiarahany tamin'ny reniny tao an-tokatranony. Mitantara ihany koa ny lehilahy ny fizotry ny fiainana nolalovany ka nisedrany olana sy ny maro hafa. Anisan'ny resahany eny an-tsehatra ihany koa ny fiainany tao ampiasany tao amin'ny banky , ny fitantanany ny fananany sy ny maro hafa. Eny ambony sehatra ihany koa indraindray no tonga tampoka ny aingampanahy, araka ny zavamisy ao anatin'ny efitrano sy ny fifandraisana amin'ny mpijery. Izay tantaram-piainana tena nisy na hitany teny amin'ny fiaraha-monina izay rahateo no mampiavaka ny stand-up amin'ireo mpanao hatsikana mahazatra, nefa misy ambiansy.

**Fy**


**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 793/20-3)

**COURS**

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 792/7-3)

**SERVICE**

* Mampianatra sary, manao chevalet. Tél : 032.58.580.61. (G-BA 796/2-2)

**VIDANGE**

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-13)

**MITADY ASA**

* Mitady asa - Femme de ménage ou nounou. Tél : 034.90.866.97. (G-BA 795/2-1)

Arivonimamo

# Nandriaka ny rà, jiolahy 6 matin'ny fokonolona sy ny zandary

*Nisy vehivavy iray niaraka tamin'ireo jiolahy nandray anjara tamin'ny fanafihana ihany koa.*

Nirefodrefotra ny basy tao amin'ny fokontany Mahadonga, kaominina Arivonimamo II ny Alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 01ora maraina. Raikitra ny fifampitifirana teo amin'ireo jiolahy sy ny fokonolona nampian'ny zandary. Nandriaka ny rà ary niampatrampatra ny faty satria dahalo miisa enina no lavo. Araka ny fanazavàna azo, tokantrano iray tao amin'ny kaominina Morafeno-Arivonimamo no notafihana andian-jiolahy nirongo fiadiana tamin'io alin'ny Talata hifoha Alarobia io. Miisa fito ireo mpanafika ka vehivavy ny iray, izay anisan'ny nandray anjara tamin'ny fanafihana ihany koa. Avy hatrany dia niditra an-keriny tao amin'ilay trano ireo jiolahy. Norahonany hovonoina sady noratrainy ilay renim-pianakaviana tao an-trano. Rehefa izany dia notereny hanome ny vola rehetra tao aminy.



Ilay vehivavy naman'ireo jiolahy !

Lasan'ireo jiolahy tamin' izany ny lelavola mitentina Enina tapitrisa Ariary niaraka tamin'ny finday miisa telo sy tablety iray. Nitsoaka nandositra avy hatrany ireo jiolahy rehefa nahazo izany. Vao lasa ireo mpanafika dia niantso vonjy tamin'ny manodidina ny tao amin'ilay trano voatafika.

**Niray hina**

Fotoana fohy dia vory ny vatan-dehilahy teo antanàna ary tonga dia niroso tamin'ny fanenjehana ireo jiolahy. Nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana ka niara-nihetsika avokoa ireo zandary manodidina avy ao Morafeno sy Mandiavato ary Manalalondo nanao sakana tamin' ny làlana mety hizoran'ireo olon-dratsy. Niara-nientana ihany koa ny fokonolona tamin'ireo fokontany manodidina tamin'ny fanaovana sakana. Araka izany dia tena niray hina ny rehetra tamin' ny fisamborana ireo jiolahy. Nahitàm-bokany izany satria na nanambana tamin'ny fitaovam-piadiana aza ireo jiolahy, izay nifanehatra tamin'ny fokonolona tao Mahadonga, kaominina Arivonimamo II dia tsy nihemotra mihitsy ireo fa niady hatramin'ny farany. Matin'ny fokonolona tamin'izany ny roa tamin'ireo jiolahy ary voasambotra ilay vehivavy iray naman'izy ireo raha tafatsoaka kosa ny efatra. Nifanehatra tamin'ny zandary tao Sambaikarivo, fokontany Morafeno indray ireto farany ka nifampitifitra teo ny roa tonta. Lavon'ny balan'ny zandary avokoa anefa izy efa-dahy.

**Tafaverina avokoa**

Noho ny hatezeran'ny fokonolona dia saika nataon'izy ireo fitsaràm-bahoaka ihany koa ilay jiovavy iray naman' ireto jiolahy ireto. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa avy any lavoloha izy ity saingy tonga hatrany Arivonimamo manao ny asa ratsiny. Azo avokoa moa ireo vola rehetra nangalarin'ireto jiolahy ireto niaraka tamin' ireo finday sy tablety ka efa tafaverina amin'ny tompony. Azo ihany koa ny fitaovampiadiana nampiasain'izy ireo, izay basy poleta iray niaraka tamin'ny bala maromaro. Taorian'ny fizahana nataon'ny mpitandro filaminana dia nalevin'ny fokonolona avy hatrany ny fatin'ireo dahalo. Mitohy hatrany ny fanadihadiana ataon'ny zandary.

R.C

Ambatolampy

# Naratra notsaboina nitsoaka tao amin'ny hopitaly




Ny bisikiletan'ilay rangahy !

Lehilahy iray mpitondra bisikileta no nifandona tamin'ny fiara sprinter iray tao anaty fiholanana hiditra ny tetezan'i Beapombo-Ambatolampy amin'ny làlam-pirenena fahafito iny ny Talata tolakandro teo. Raha ny fanazavàna azo dia nandeha mafy loatra ity lehilahy ity ary nisongona fiara teo alohany kanjo nifanena tamin'ilay fiara sprinter fitaterambahoaka. Vokany, nidona tamin'ny sisin'ny fiara manandrify ny mpamily izy ary nianjera tamin'ny tany sady tsy nahatsiaro tena. Novonjen'ny olona nentina haingana tany amin'ny hopitaly satria naratra ihany koa. Raha mbola nisahotaka tamin'ny famonjena ilay naratra ny rehetra, ilay mpamilin'ny fiara kosa niantso zandary hanao « constat ». Rehefa izany dia nandeha namonjy ilay naratra tany amin'ny hopitaly ny tompon'ny fiara niaraka tamin'ny zandary. Gaga anefa ireo nony tonga tany fa efa tsy tao intsony ilay naratra. Nambaran'ny mpitsabo fa vao nahatsiaro saina io dia tsy nety notsaboina ary nitsoaka ny hopitaly. Tsy hita ny nanjavonany ary na ny bisikiletany aza navelany tany. Voalaza fa mamo ity lehilahy trà-doza ity.

R.C

Tsiroanomandidy

# Tovolahy nandeha nitsangatsangana, hita maty an-drano

Lehilahy iray 21 taona no hita faty afakomaly maraina tany amin'ny sampandrano hihaonan'ny vavaranon'i Manafona sy ny vavaranon'i Beambiaty any amin'ny distrikan'i Tsiroanomandidy. Nandeha nitsangatsangana izy ny alatsinain'ny paka teo ary tsikaritry ny olona ho mamomamo. Tsy tafody tany antranony izy ny hariva ka nikoropaka ny olona nipetrahany nitady azy. Fantatra mantsy fa nikarama tany an-toerana ity tovolahy ity. Nampandresina ihany koa ny olona teo amin'ny manodidina avy eo saingy tsy nahitam-bokany mihitsy ny fitadiavana andralehilahy. Hatairana ny an'ny rehetra tamin'io afakomaly io raha nahita ny fatin'ilay lehilahy tao anaty rano. Nisy nampandre mikasika ny zava-nitranga ny mpitandro filaminana ka tonga tany an-toerana niaraka tamin'ny dokotera nanao fizahana ifotony.

**Hafa koa**

Fa mikasika izay olona maty an-drano izay ihany dia tovolahy iray 18 taona ihany koa no hita faty teo amorondranomasina tany amin'ny fokontany Ampataomaizina, ao anatin'ny kaominina Ambinaninony any amin'ny distrikan'i Brickaville ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro. Araka ny fanazavana, nisy lanonana nataon'izy ireo tany Ambila lemaitso ka ny alatsinainy maraina dia tsy hita izay nandehanan'ity ankizilahy ity. Dia io izy hita faty io avy eo. Efa tonga tany an-toerana nanao fizahana ny razana ny zandary sy ny dokotera ka fantatra tamin'izany fa sempotra tany anaty rano no nahatonga ny fahafatesany. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'ny fizahana.

T.H

Ivato

# Vehivavy nandeha môtô naratra voadonan'ny fiara

Vehivavy iray 25 taona nandeha môtô no naratra voadonan'ny fiara teny Ivato afakomaly tokony ho tamin'ny 7 ora hariva. Avy any Ivato hihazo an'i Tsarasaotra ity fiara iray no nifandona tamin'ny môtô cross iray nifanena taminy teo amin'ny fiolanan-dalana. Nianjera avy hatrany ilay môtô vantany vao voadona ary io nitarika faharatrana tamin'ilay vehivavy nitaingina azy izany. Nisy nampandre mikasika ny zava-nitranga ny zandary ka nandeha nidina ifotony nanao fizahana tany amin'ny toerana nitrangan'ny loza. Nandritra ny fahatongavan'ireo mpitandro filaminana teny an-toerana dia ireo fitaovam-pitaterana nifandona ary olona vitsivitsy mpandeha tamin'ilay fiara no hitan'izy ireo teny. Ilay naratra kosa efa nisy fiara hafa nanatitra azy notsaboina nankany amin'ny tobim-pahasalamana. Araka ny fanazavana azo dia noho ny tsy fitandremana no nahatonga ny loza.

T.H

## MANAL'AZY DE MI'MEME



Fakana an-keriny Ankazobe

# Dahalo 21 no efa lavo , 82 ny olona nampidirina am-ponja vonjimaika



Feno hafaliana ny vahoakan'i Talata Angavo fa hametrahana toby mpitandro ny filaminana ao amin'ilay tanàna.



Ben'ny tanàna lefitra.

Niverina indray ny fakana an-keriny eny ambanivohitra Ankazobe. Niato kely izy teo aloha saingy nihetsika indray. Tsy fantatra na ankatoky ny fifidianana isika izao na inona ny mety ho mahatonga ilay tranga. Misy fiantraikany ratsy amin'ny fiainam-bahoaka izany. Noho io ihany koa dia voatery napetraky ny andrimasom-pokonolona isaky ny alina ataon' ny vatan-dehilahy. Mifandimby ireo mpiambina ary ireo lehilahy latsaky ny 50 taona rehetra no misahana izany miaraka amin'ny mpitandro ny filaminana. Ankoatra izay dia misy ny tantsaha sasany mandry tsy lavo loha noho io asa ratsy io. Tsy misy loatra ny halatr' omby , fa olona indray no alainy. Misy ihany koa ny mponina tsy mandry antrano intsony fa lasa any antsaha. Anisan'ny vahaolana ilain'ny vahoaka ny mba hametrahana tobin'ny mpitandro ny filaminana, raha ho an'ny fokontany Talata Angavo manokana. Noho io ihany koa dia Tsy nataon'ny Fanjakana ambanin-javatra ny fanaraha-maso sy fijerena akaiky ny fandriampahalemana ho an'ireo Faritra mena ao Ankazobe. Io no antony nidinan'ireo mpikambana roa avy eo anivon'ny governemanta nijery ny fomba rehetra hametrahana ny fandriampahalemana ao amin'ny distrikan'Ankazobe indrindra ny Talata Angavo. Nitarika izany ny Minisitry ny Foloalindahy Jeneraly Sahivelo Lala Monja Delphin sy ny Minisitra Delege misahana ny Zandarimariam-pirenena Jeneraly Rakotondrazaka Andry niaraka tamin' ireo tompon'andraikitra ny Fibaikoana ny Lehiben'ny Etamazaoron'ireo Tafika Deramasinjaka Manantsoa, ny Komandin'ny Zandarimariam-pirenenena ny Jeneraly Rakotomalala Andriantahina sy ireo rantsamangaika mamita iraka ifotony.

**« HARATO II »**

Tsy handefitra ny amin'izay mpiray tsikombakomba amin' ny dahalo mpanao fakana an-keriny ao Ankazobe ireto lehiben'ireo Foloalindahy malagasy ireto. Nanamafy fa tsy maintsy hitohy ny hetsika fampandriana fahalemana « HARATO II », izay hiadivana amin'ny fakana an-keriny. Na olom-boafidy na olom-boatendry na mpitandro ny filaminana sy ny olontsotra fantatra fa olon-dratsy dia samy ho saziana avokoa izay tratra. Tsiahivina fa anisan'ny efa nidoboka amponja vonjimaika noho ny firaisana petsapetsa tamin' ny mpaka an-keriny, ny volana desambra 2023 ny ben'ny tanàna tao amin'ity kaominina Talata Angavo ity. Raha ny angom-baovao voaray hatrany dia 21 ny isan'ny dahalo mpaka an-keriny efa lavon'ny balan'ny mpitandro ny filaminana ry 89 kosa ireo nakarina fampanoavana ka nampidirina am-ponja vonjimaika. Ny 32 tamin'ireo no nalefa any Tsiafahy, 11 eny Antanimora ary 39 voafonja ao Ankazobe ary 7 kosa no mbola atao andrimason'ny fitsarana. Na izany aza dia azo lazaina fa niverina indray ity fakana an-keriny ity. Satria araka ny fanazavana dia mbola any am-pelatanan' ireo dahalo ny olona telo mponina tao amin'ny fokontany Manontanitsiloza. Izany hoe eo andalam-pikarohana azy ireo ny mpitandro ny filaminana. Mbola tsy nisy kosa ny resa-bola notakian'ny jiolahy. Hiarahan'ny Tafika malagasy sy ny Zandarimariam-pirenena ny hetsika rehetra. Izany hoe mitohy ny « opération Harato II » ary efa nahitam-bokany, araka io tombana voalaza etsy ambony io.

**Fanomezana loharanom-baovao**

Noho izany indrindra dia nidina ifotony ny Minisitry ny Foloalindahy, nyJemeraly Sahivelo Lala Monja Delphin sy ny Jeneraly Rakotondrazaka Andriatsarafara Andriamitovy, Minisitra delege misahana ny Zandarimariam-pirenena, miaraka amin'ireo miaramilany avy. Mampiseho fahavononana ireto Manambonahitra Jeneraly sy manambonahitra ambony ireto fa handray ny andraikitra hapandry ny tany ao Ankazobe. Zavatra takian'izy ireo kosa ny fanomezana loharanom-baovao avy amin'ny vahoaka ho an' ireo mpitandro ny filaminana. Tapaka tao ihany koa fa hametrahana zanatobimparitra vonjimaika na « poste fixe ». Nirahina eto izahay mba hidina ifotony hampandry fahalemana. Angatahina ny fanomezana loharanom-baovao(...) Aza asiana fijerena tavan'olona fa raha tianao ny zanakao sy ny havanao dia anaro izy. Andao hifandray tanana amin' ny fitondram-panjakana. Vonona ihany koa izahay hifanometanana aminareo na andro na alina. Efa fanombohana ny fametrahana zandary ety ifotony » : hoy ny ny Minisitry ny Foloalindahy, ny Jemeraly Sahivelo Lala Monja Delphin.

**Hentitra**

Mbola nanamafy ihany ireto mpikambana roa avy eo anivon'ny goverinemanta fa tsy maintsy fongorina ny tsy fandriampahalemana ifotony mba ahafahan'ireo vahoaka miatrika ny fiainany am-pitoniana. Hentitra ireo Minisitra roa tonta raha nanome toromarika ho an'ireo vahoaka sy mpitondra ifotony na olomboafidy sady nitondra fanazavana ihany koa amin'ny fanaovana laharam-pahalehana ny fitandroana fandriampahalemana ety ifotony indrindra fa ny ady iombonan'ny Foloalindahy amin'ny famongorana ny fakana an-keriny sy ny asandahalo amin'ny endriny rehetra.

**Deyland**



Miray hina hampandry fahalemana ny Zandary sy ny Tafika.



Fidinana ifotony nataon'ireo lehiben'ny Foloalindahy.

## Fisondrotry ny vidim-piainana

# Tsy mitsahatra ny mampaneno lakolosy ireo mpitondra fivavahana

*Ampiasaina ny lainga hitadiavana tombontsoa manokana, ny halatra moa dia efa tsy lazaina intsony, hoy ny Kardinaly Désiré Tsarahazana.*



**Ny Kardinaly Désiré Tsarahazana.**

Anisan'ny nanamarika izay zato andro latsaka kely nijoroan'ny governemanta tarihan'ny Praiminisitra Ntsay Christian izay, araka ny fomba fijerin'ireo olom-pirenena sendra anay, ny fahasahiranana eo amin'ny lafiny rehetra. Manoloana izany, tsy mitsahatra ny mampaneno lakolosy ireo filohampiangonana sy mpitondra fivavahana mba hisian'ny fandraisana andraikitra sy fahatongavan-tsain'ny rehetra. Vao tamin'ny alahadin'ny paka teo izao no nitondra ny heviny mifandraika amin' izany ny Kardinaly Désiré Tsarahazana. Raha fintinina, Mahita io lohandohan'ny mpisorona eo anivon'ny Fiangonana Katolika io fa mahantra sy fadiranovana ny ankamaroan'ny Malagasy satria tia kely sy tsy mitsinjo ny fananana iombonana ny Malagasy. « *Ampiasaina ny lainga hitadiavana tombontsoa manokana, ny halatra moa dia efa tsy lazaina intsony ....Ny fankalazana ny Paka anefa dia mampatsiahy antsika fa tsy ny ratsy no tompon'ny teny farany fa tokony hiara-hitsangana amin'i Kristy isika koa dia reseo amin'ny soa ireo ratsy isan-karazany ireo* », hoy ny Kardinaly Désiré Tsarahazana tamin'izany.

**Kolikoly**

Raha ny tamin'ity taona ity manokana dia milaza miaramahita ireo mpiara-belona ireo fa mirongatra, saika isan'andro ny tsy fandriampahalemana. Toy izany koa ny kolikoly, saika amin'ny antanatohatra rehetra sy ny fanamparam-pahefana, ny fisondrotry ny vidim-piainana izay sady tsy misy fitsaharana no tsy misy fihatsarany. Mikasika itsy farany manokana dia saika isan'andro no misondrotra ny vidin'ny kojakoja ilaina andavanandro, raha tsy hiresaka afa-tsy ny vary, ny menaka, ny savony. Tsy resahina intsony ny olan'ny Jiro sy ny Rano, izay mampitaraina ny rehetra mihitsy. Vokany, ireny iarahamahita ireny fa mitombo andro aman'alina ny zaza mirenirery sy ny fianakaviana sady tsy manan-kohanina no tsy mahita trano isitrihana. Manginy fotsiny ny firongatry ny hala-botry sy ny sinto-mahery, manery ny sahirana hitady izay harapaka. Ary manomboka miseho tsikelikely ihany koa ny hetsika an-dalambe samihafa.

**Mamy R**

## CENI - Kandidà Solombavambahoaka

# Hivoaka amin'ny 18 aprily ny lisitra ofisialy

Tsy manana afa-tsy roa andro sisa (anio zoma 05 aprily sy amin'ny alatsinainy 08 aprily) ireo manampikasana ny hirotsaka ho kandidà solombavambahoaka hanaterana ny antontan-taratasy firotsahankofidiny eny amin'ny OVEC. Rehefa mikatona ny fepotoana fandraisana ny taratasy firotsahan-kofidina dia manao tatitra eny amin'ny CENI foibe ireo OVEC isaky ny distrika. Mandeha manaraka izany ny fikirakirana an'ireo fifanolanana samihafa tsarain'ny HCC ary ny 18 aprily no hamoahan'ny CENI ny lisitra ofisialin'ireo kandidà solombavambahoaka hifaninanana amin'ny hazakazaka eny Tsimbazaza izay ho tanterahina amin'ny alarobia 29 may.

**Manana 48 ora**

Mikasika an'ireo taratasy firotsahan-kofidiana dia manana zo hametraka fitarainana ny kandidà tsirairay. Hatramin'ny 12 aprily ny fandraisana izany fitarainana izany eny anivon'ny CENI foibe. Ary hatramin'ny 15 aprily kosa ny fandraisan'ny HCC izany. Manana 48 ora ny kandidà tsirairay avy mameno ny antontantaratasy tsy ampy na tsy mety. Ary tsy maintsy mamoaka fanapahan-kevitra ao anatin'ny 72 ora ny eo anivon'ny OVEC aorian'ny nametrahana ny antontan-taratasy rehetra. Raha tsiahivina dia ny alarobia 27 martsa teo no nisokatra ny fandraisana ireo antontantaratasy firotsahan-kofidiana amin'ny fifidianana Solombavambahoaka ary hifarana ny alatsinainy 8 aprily amin'ny 5 ora hariva. Rehefa ara-dalàna tsara ary feno sy ankatoavin'ny OVEC ny taratasy dia feno ny fepetra maha kandidà ofisialy ny olona mpilatsaka hofidiana iray.

**Nangonin'i Niry R.**

## Marina izany !

### Tsy rototra !

**Toa tsy arakaraka ny teny filamatra sy ny kabary ataon' ireo mpanao politika malagasy hatramin'izay akory ny zava-misy iainana eto Madagasikara. Voizina foana ny resaka fandrosoana sy fampandrosoana. Tsy misy tsy miteny izany daholo izy ireo satria te hahazo ny fon'ny vahoaka, indrindra raha hilatsaka amina fifidianana. Ny sasany tsy nianona tamin'izay fa mbola nanampy hoe « fandrosoana haingana », sns…Tamin'ny fotoan'andron' ny Repoblika voalohany aza moa nampidirina tao anatin' ny teny filamatra voarakitry ny lalàm-panorenana mihitsy ilay hoe « Fandrosoana ». Asa izay tena antony fa lasa nofoanana izy io nanomboka teo amin'ny Repoblika faharoa sy tamin'ireo nifandimby tato aoriana ka samy nanolosolo azy tamina teny filamatra hafa. Raha resaka fotoana tokoa mantsy no itsarana azy dia tsy mbola misy zavatra mivoatra mba tsy hilazana hoe tsy misy zavatra mandroso izany eto. Efa zatra tsy mari-potoana ny Malagasy rehefa manao zavatra ka nahatonga ilay fitenenana hoe « fotoan-gasy » ! Olona tsy rototra, izay no fahitan'ny mpanjanatany frantsay azy teto tany aloha ny Malagasy ka nahatonga azy niantso hoe « Au pays des moramora » ! Asa na izay koa no mahatonga ireo olona mieritreritra hilatsaka ho solombavambahoaka ankehitriny tsy rototra manatitra ny antontan-taratasy filatsahany ? Raha atao jery todika tokoa ny herinandro voalohany mandra-pahatongan'ny alarobia afakomaly dia mbola tsy nisy aloha kandidà nametraka ny filatsahany raha ho an'ny teto Antananarivo renivohitra manokana fotsiny. Tahaka ny fahita mahazatra, mety any amin'ny fotoana faramparany indray vao hanao tsy omby aloha hilahatra hanatitra izany izy ireo. Raha misy tsy feno na tsy mety anefa ny antontan-taratasy ho an' izay mangataka hilatsaka dia 48 ora aorian'ny nametrahana azy ihany no ahafahana mameno na manitsy izany, araka ny voalazan'ny manampahefana mpikarakara ny filatsahan-kofidiana. Izany hoe raha tsy feno na misy tsy mety ilay antontan-taratasy filatsahana dia tsy afaka hameno na hanitsy izany intsony raha amin'ny andro farany vao manatitra izany. Nefa raha mba hitodihana kely ny zava-misy ao Sénégal vao haingana teo, tao anatin'ny 24 ora monja taorian'ny fianianan'ny filohan' ny Repoblika vaovao voafidy dia efa voatendry sahady ny azy ny Praiminisitra ! Ohatra itarafana ny zava-misy sy ny fomba fanao na fanaovan-javatra eto Madagasikara ihany io tsy rototra amin'ny fametrahana antontan-taratasy filatsahan-kofidiana ho depiote io. Lesoka voateny foana koa io tsy rototra na zavatra mitarazoka atao any anivon'ireny sampandraharaham-panjakana samihafa ireny.**

**Lucien Raharison**

## Paraina Auguste

# " Vao mainka hampikatso ny famatsiam-bola ny fampodiana ny masoivohon'ny vondrona eorôpeana "



Lohateny lehiben'ny gazety mpiseho isan'andro vahiny iray, nivoaka ny alarobia teo ny mikasika ny fangatahan'ny fanjakana malagasy tamin'ny alàlan'ny Minisitry ny Raharaham-bahiny hampodiana an-dRtoa Isabelle De Lattre, Ambasadaoron'ny Vondrona Eorôpeana miasa sy monina eto amintsika. Milaza io loharanom-baovao io ao anatin'izany fa antony nandraisan'ny fanjakana malagasy izany fanapahankevitra izany ny fanehoankevitra nentin'io diplomaty vahiny io nandritra ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety tamin'ny volana Marsa teo, izay nilazany ny tokony hampiasana araka ny tokony ho izy ny fanampiana ara-bola omen'izy ireo an'i Madagasikara. Toe-javatra somary tampotampoka sady nanaitra ny olom-pirenena mpanarabaovao ka niteraka fanehoankevitra politika samihafa teny anivon'ny fiarahamonina sy tambajotran-tserasera teny. Isan'ny nitondra ny heviny mahakasika io vaovao niely io ny Filohan'ny antoko Tsara Tahafina sady Ambasadaoro Malagasy teo aloha Paraina Auguste, tao amin'ny pejy facebook-ny. Raha ny fomba fijerin'io mpanao politika io dia tsy hevitry ny Ambasadaoron' ny Vondrona Eorôpeana manokana ireny fanambarana miaro fanakianana nentiny ireny fa efa nahazoany fankatoavana avy any Bruxelles mihitsy ka ho diso làlana ny fanjakana malagasy raha miziriziry amin'ny heviny.

**Hamaly bontana**

Ao anatin'izany rehetra izany, notanisain'Ing. Paraina Auguste ireo heveriny ho mety fiantraikan'io fangatahan'ny fanjakana malagasy hampodiana an-dRtoa Isabelle De Lattre io. « *Vao mainka hampikatso ny famatsiam-bola iraisam-pirenena io fangatahana fampodiana ny masoivohon'ny Vonrona Eorôpeana io. Aza adino fa fanomezana no azontsika amin'ny Vondrona Eorôpeana fa tsy trosa. Aza adino ihany koa fa ny Banky Eorôpeana no mamatsy vola ny fanamboaran-dalana sasany eto raha tsy ilaza fotsiny afa-tsy ny RN13. Tsy ireo ihany fa isan' ny mety hiseho ihany koa ny hoe tsy hanendry ambasadoro eto amintsika mandritra ny fotoana lavalava ny Vondrona Eorôpeana, izany hoe ho tapaka mandritra ny fotoana mbola tsy voafaritra ny ny fifandraisana eo amin'ny roa tonta. Ambonin'izany, mety hanao vali-bontana ny Vondrona Eorôpeana ka hangatahany fampodiana ihany koa ny Ambasadoron'i Madagasikara any Bruxelles ary raha hanendry Ambasadaoro vaovao isika dia mety ho ela be vao mahazo fahazoan-dàlana* », hoy Ing. Paraina Auguste tamin'izany.

**Mamy R.**

Filohan'ny Antenimierandoholona

# Nanaitra ireo olom-boatendry sy olom-boafidy ho sarotony amin'ny zava-mitranga eny ifotony

*Tokony hananana fahasahiana hijoro sy handray andraikitra.*



**Namory ireo tomponandraikitra sy olom-boafidy any amin'ny Distrikan'i Morondava ny Filohan'ny Antenimierandoholona.**

Nampivory ireo tomponandraiki-panjakana sy olom-boafidy any amin'ny Distrikan'i Morondava, ireo Ben'ny tanàna, ireo Talemparitra, ireo Sefo fokontany, ireo Olobe any an-toerana mba hiresahana ireo olana eny ifotony ny Filohan'ny Antenimierandoholona ny Jly Richard Ravalomanana nanomboka ny Alarobia teo. Nanterin'io Filohana Andrimpanjakana faharoa eto Madagasikara io tamin' ireo Mpivory nandritra izany fa tokony ho sarotiny ireo Tompon'andraikitra sy olom-boafidy amin'ny zava-mitranga eny ifotony. « *Tokony hanara-maso akaiky ny fananganana fotodrafitr'asa any amin'ny kaominina tantanin'izy ireo tsirairay avy ihany koa ireo Ben'ny Tanàna. Ary raha sanatria ka misy fanaovana atsirambina ny asa na koa tranga na fanararaotampahefana tsikaritra mety hanimba endrika ny Fanjakàna dia tokony hananana fahasahiana hijoro sy handray andraikitra izy ireo hampita izany amin'ny tompon'andraiki-panjakana ambony, ka anisan'izany ny eto anivon'ny Antenimierandoholona. Ity farany indray no mitondra izany eny anivon' ny Governemanta mba hitadiavam-bahaolana* », hoy ny tenany tamin'izany.

**Asa sosialy**

Ao anatin'izany fidianana ifotony ataon'ny Filohan'ny Antenimierandoholona sy ny delegasiona tarihany izay hatrany, dia anisan'ny tafiditra ao anatin'ny fandaharampotoanan'izy ireo ihany koa ny fanaovana asa sosialy. Ho an'ny omaly dia nitsidika ny Akany Fifaliana, ny Akany Varavarana tsara endrika, ny Sekolin'ny Marenina eo Morondava ary ny Toby Ambohim-pitiavana Betesda izy ireo. Araka izany, vary dimy gony isaky ny Akany sy ny Sekoly notsidihana no natolotry ny Filohan'ny Antenimierandoholona sy ny Fianakaviam-ben'ny Antenimierandoholona tamin'izany. Ambonin'izany, manoloana ny tsy fahampian' ny fitaovana ao amin'ny Akany Fifaliana dia nampanantena ny Tomponandraikitra ny Jly Richard Ravalomanana fa hanolotra solosaina ho fampitaovana ity Akany ity ny tenany.

**Mamy R.**

KMF/CNOE

# Manofana olona hanara-maso ny fifidianana Depiote

Mifantoka amin'ny fiatrehana ny fifidianana solombavambahoaka ny sain'ireo tena voakasik'izany. Efa ao anatin'ny fampielezan-kevitra mialoha ny rahateo ny ankamaroan' ireo malagasy ho kandida amin'izao fotoana izao. Ireo izay tena voakasika mivantana sy ny kandida miaraka amin'ny mpomba azy no tena somebiseby amin'ity fifidianana ity fa ny ankamaroan'ny olom-pirenena dia variana amin'ny fitadiavam-bola sy izay harapaka isan'andro. Ry zareo fiarahamonim-pirenena ao anatin'ny KMF/CNOE izao dia manofana olona hanara-maso ity fifidianana hotanterahina amin'ny 29 mey ity. Raha ny fanazavana azo dia mpanara-maso maro isaky ny distrika no homena fampiofanana ho amin'izany. Efa fari-pifidianana maro no voatetin'izy ireo nanaovana izany fampiofanana sy fanentanana ho fampandraisana andraikitra ny olom-pirenena lahy sy vavy mandritra ny zotram-pifidianana Solombavambahoaka izany.

**Hala-bato**

Ny fandehan-javatra rehetra mitranga manodidina ny fifidianana no voalaza fa ho voakasiky ny fanaraha-maso ataon'izy ireo. Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe : hahavita hanohitra ireo tsindry samihafa sy tetika fangalaram-bato mety mitranga eny anivon'ireo fari-pifidianana rehetra ve ireo sokajin'olona ireo ? Raha ny fahitana azy dia toa hetsika zara raha hatao fotsiny toa entina hanaporofoana amin'ireo izay namatsy vola fa niasa ny firaisamonimpirenena. Na izany aza na tsy izany, tsy mahagaga ihany satria hatramin'izay dia nanao hetsika fanaraha-maso ny fifidianana foana ry zareo kanefa tsy dia noraharahian'ny CENI mba hanatsarana ny fomba fiasa ny zava-nitranga hitan'izy ireo sy ny tolo-kevitra nentin'izy ireo.

**Mamy R.**




Avanamiarantsoa Tania - Boriborintany faha-6

# Kandidà solombavambahoaka nametraka ny firotsahan-kofidiany voalohany

Hifarana amin'ny alatsinainy 8 avrily ho avy izao ny fanaterana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana solombavambahoaka. Tonga nanatitra ny antontan-taratasiny teny amin'ny OVEC (Organe de Verification et d'Enregistrement des Candidatures) Boriborintany fahenina i Avanamiarantsoa Tania, kandidan'ny Kôlektifa an'ny Malagasy, avy amin'ny antoko ARB (Anjomara sy Rivo-Baovao). Izy araka izany no kandidà voalohany nametraka ny taratasy firotsahan-kofidiana tao amin'ity Boriborintany ity. « *Voapetraka soamantsara ny taratasy firotsahan-kofidiana teto amin'ny Boriborintany fahenina. Dimy taona lasa no nandraisako anjara tamin'ny fifidianana solombavambahoaka teto amin'ity Boriborintany ity, saingy tamin'ny anaran'ny tenako manokana no nirotsahako tamin'izany. Ankehitriny dia amin'ny alàlan'ny antoko ARB ao anatin'ny Kôlektifa an'ny Malagasy no hirotsahako. Fotoana izao raha te hanao zavatra sy hiadiana amin'ny tsy rariny ary hanehoana ny fitiavan-tanindrazana.* », hoy ny kandidà Avanamiarantsoa Tania. Efa andro sisa dia hifarana ny fandraisana ny antontan-taratasin'ireo mpirotsaka hofidiana, saingy vitsy ireo efa nanatanteraka izany hatramin'ny omaly. Efa mahazatra isaky ny fotoam-pifidianana toy izao ny fiandrasana ora farany, ka izay vao hanomboka araka izany ny hazakazaka eny amin'ny OVEC manerana ny Nosy.

**R. Muray**



**Notronon'ireo mpanaradia azy i Avanamiarantsoa Tania. (Sary nindramina)**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Tale jeneralin'ny BNGRC

# Notoloran'ny Frantsay medalin'ny fiarovam-pirenena

*Vita sonia ny fifanaraham-piaraha-miasa vaovao.*



**Lanonana fanolorana ny "Médaille de la Défense Nationale échelon or".**

Nankasitrahan'ny fanjakana frantsay ny ezaka vitan'ny tale jeneralin'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), Jly Elack Olivier Andriakaja. Notanterahina tamin'ny fomba ofisialy teny amin'ny foiben'ny BNGRC Antanimora ny lanonana fanolorana ny medalin'ny fiarovam-pirenena, na ny "Médaille de la Défense Nationale échelon or", ho azy tamin'ny alàlan'ny Masoivoho frantsay miasa eto Madagasikara, Arnaud GUILLOIS, izay mari-pankasitrahana ny asa nataony teo amin'ny fitantanana ny loza sy ny vonjy voina. *"Ny fahazoana ity medaly ity dia midika ho fankasitrahana ny asa vitan'ny ekipan'ny BNGRC andaniny, ary ny fanohanan'ny fanjakana frantsay ny lafiny fitantanana ny loza sy tandindon-doza eto amintsika ankilany. Maneho ny fifamatoran'ny fiaraha-miasa amin'ny sehatry ny vonjy voina koa izany."*, hoy Jly Elack Olivier Andriakaja. Tsiahivina fa nanomboka tamin'ny taona 2012 ny fiaraha-miasa tamin'ny tafika frantsay teo amin'ny lafiny vonjy voina tamin'ny alàlan'ny CERVO (Centre d' Etudes, de Reflexion, de Veille, et d'Orientation).


**Fifanaraham-piaraha-miasa**

Nitohy tamin'ny fanaovantsonia fifanaraham-piaraha-miasa ny lanonana. Niaranatanteraka izany ny Minisitry ny atitany, Tokely Justin, sy ny Masoivoho Frantsay. Haharitra 3 taona ny fiaraha-miasa eo amin'ny fiarovana ny vahoaka amin'ny loza sy ny fiatrehana ny loza amin'ny alàlan'ny fametrahana sampandraharaha miandraikitra ny vonjy voina. Natsidiky ny Masoivoho frantsay fa mety hisy ny fandefasana teknisiana malagasy hanao fiofanana any Frantsa na koa ny fahatongavan'ny mpampiofana frantsay eto amintsika. Tamin'io fotoana io ihany no nanaovan'ny Masoivoho frantsay ny fanolorana fitaovana informatika, na ny "Serveur informatique", ho an'ny foibempibaikona nasionaly eo anivon'ny BNRC Antanimora. Hoentina manamora ny fomba fiasan'ny foibempibaikoina sy ny fikirakiana ireo antontam-baovao ity fampitaovana ity.

**R. Muray**

Fampiroboroboana ny informatika

# Tanora 196 hisantatra fianarana tsy misy mpampianatra



**Efa manomboka ny fiofanana ataon'ireo mpianatra andiany voalohany. (Sary : Kelly R.)**

Sambany no nisy teto Madagasikara. Notokanana tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny talata lasa teo, teny Andraharo, ny sekolin'ny informatika, na ny « Ecole 42 » an'ny vondrona Axian. Tanora 196 tamin'ireo 8 000 nametraka ny antontan-taratasiny no afaka tamin'ny fifantenana natao, ka handrafitra ireo mpianatra andiany voalohany hanaraka ny fiofanana mandritra ny telo taona. « *Hifampitadiavana maneran-tany ny fahafehezana ny informatika. Ity tetikasa ity dia manomana ny tanora malagasy hiroborobo eo amin'ny sehatry ny informatika ary hanetsika ireo talenta rehetra ao anatin'ity sehatra ity. Ny tena mampiavaka azy dia tsy misy mpampianatra fa ireo tanora no miezaka mamehy ny tenany amin'ny fianarana ataony. Ny fampiharana no tena mibahan-toerana ao anatin'ny fiofanana. Maimaimpoana tsy misy sarany aloa manomboaka amin'ny fisoratananarana ka hatramin'ny fahavitan'ny fiofanana. Misokatra ho an'ny sokajintaona rehetra tsy misy fanavahana, eny fa na ho an'ireo efa miasa kanefa mbola te hanatevim-pahalalana. Ankatoavin'ny sehatra iraisam-pirenena ny maripahaizana avoakany, indrindra fa any amin'ireo firenena efa misy ny* « *Ecole 42* » *toy ny any Etazonia, Frantsa, Maraoka, Singapour, sns.* », hoy Ratovoson Clémence, tomponandraikitry ny serasera eo anivon'ny « Ecole 42 ». Marihina fa taranja iombonana no arahin'ireo mpianatra mandritra ny taona voalohany sy faharoa, fa amin'ny taona fahatelo kosa vao mizara araka ny fahaiza-manao manokana safidiany ireo mpiofana. Anisan'ny voafantina hanaraka ny fiofanana i Lalatiana Lucienne, izay mikendry ny hisehatra eo amin'ny lafiny fikirakirana tranonkala aorian' ny fahavitan'ny fianarana, noho ity sehatrasa ity mbola tsy tena voatrandraka tsara eto amintsika araka ny filazany.

**R. Muray**

## Taratasy ho an-dRamala

### Ady varotra !

Any Ramala,

Misy ady varotra mbola mandeha ary tsy mety vita hatramin' izao eto an-tanàna eto Ramala. Resaka tsena izy io. Dieny aty am-boalohany anefa dia aleo tonga dia hahitsy sao dia mety ho diso hevitra ny sasany ka hanao hoe : « Inona no mahagaga na mahataitra amin'izany ? Resaka tsena ve tsy hisy ady varotra ? Izay no maha-tsena azy ? » Ilay izy anie Ramala fahafahana miditra sy mivarotra ao anatin'ilay tsena mihitsy no miteraka ady varotra fa tsy mba mahakasika ilay entana amidy akory é ! Eo indrindra no mampanahirana azy ity ary ilàna fahamalinana tsara. Resaka momba ny haban-tsena na haba aloa amin'ny tsena ange ilay izy Ramala é, ary ireo mpivarotra ihany no manao ny ady varotra saingy ampian'olona hafa avy ety ivelany ! Dia mbola mety hisy ihany Ramalaa ny olona tsy hahazo resaka ka hieritreritra hoe : « F'ahoana ? Ny eo amin'ny sarany tokony aloa eo amin'ny haban-tsena ve izany no anaovana ady varotra ka mbola tsy mety ifanarahana ? Misy mangataka ny hampidinana izany ve fa mety hoe lafo loatra ny haba alaina ankehitriny ? ». Mbola tsy amin'izany ihany no mahatonga ny ady varotra Ramala fa eo amin'ny fomba fitakiana sy fandoavana io haban-tsena io mihitsy no fototry ny olana sy mampisaraka. Lasa misy ankolafy roa mantsy amin'izao Ramala. Ao ireo mitaky ny hitazonana ny fomba fitakiana haba nohavaozina efa nampiharina farany hatreto. Izany hoe, haban-tsena aloa araka ny fomba vaovao sy maoderina tsy mikirakira taratasy. Ao kosa ireo te hiverina amin'ny fomba fitakiana tany aloha ka alaina isan'andro ny haba sady misy taratasy kirakiraina. Fa inona tokoa moa Ramala no tena olana na fototry ny olana raha toa ka ilay fomba fitakiana haba nohavaozina tsy mikirakira taratasy no hampiharina ? Na mifanohitra amin'izay koa , inona no olana raha ilay fomba fitakiana haban-tsena nahazatra tany aloha misy taratasy kirakiraina no hampiharina ? Ny irariana Ramala dia ny mba hiravonan'ny raharaha sy ny hahavitan'ny ady varotra haingana momba azy ity. Ndrao dia ho voarebireby sy ho lany andro amina olana diso fipetraka na adihevitra diso eto ireo mpivarotra fa tsy izay hahalafo ny entana sy hahazoana tombony no atao ! Efa lava izay Ramala f'aleo faranana eo aloha ny androany, ho hita eo ihany ny tohiny.

**Ragasy**

Interinety

# Tsy mandeha ny tsenan' ireo mpivarotra ao amin'ny tambajotran-tserasera

Efa nampiharin'ireo tambajotra telo misy eto amintsika nanomboka ny 1 aprily 2024 teo ny fanitsiana ny vidin'ny interinety na fifandraisan-davitra. Misy akony mivantana amin'ny tsenan'ireo mpivarotra marobe ao amin'ny tambajotran-tserasera izany fiovana izany. Lasa voafetra ny fotoana hidiran'ny olona ao amin'ny facebook ohatra. Lazaina mialoha ihany koa ny fotoana hanaovana « live » na varotra mivantana raha miditra amin'ny fotoana izay mampety azy ireo mpivarotra taloha. « *Tena nihena be ny mpividy entana. Tsy mi-connecte intsony ny ankamaroan'ny olona satria tena lafo ny vidin'ny tolotra. Fanampina fidirambola anefa ho anay ity satria iaraha-mahalala fa tena miha sarotra ny fiainana* » hoy ny mpivarotra akanjo ao amin'ny facebook. Tsy ireo mpivarotra ihany no velon-taraina fa ireo influenceur ihany koa anisan'ny mitondra faisaina satria mihena ihany koa ny isan'ny olona manaraka ny zavatra ataon'izy ireo. Lafolafo sy mitroka kokoa mantsy ny interinety ampiasaina rehefa video na horonantsary no jerena. Tsy maintsy miaina amin'ny zava-misy anefa raha tsy mikaroka fomba vaovao indray hamarotana ny entana. Misy ihany anefa ireo pejy efa be mpanaraka be sy zatra ny fotoana hanaovana ranty tsy taitra firy amin'izao fiakaran'ny saran'ny interinety izao.

**Nath**

midigazetikom@gmail.com

Ambilobe

# Mbola tsy afaka mianatra ireo mpianatra



**Toy izao ny fahavoazana tsy hahafahan'ny mpianatra mivezivezy.**

Fadiranovana ireo ankizy mpianatra any Ambilobe sy ny manodidina satria lasan'ny rano ny fitaovam-pianarana, betsaka ireo sekoly lasan'ny rano, maro be ireo sekoly feno fotaka sy mbola dibodrano noho ny rivodoza ary ny tena olana goavana indrindra ny fahatapahan'ny tetezana Mahavavy. Araka ny fanazavan'ny lehiben'ny faripiadidiampampianarana any Ambilobe, Randriamazaka Odile : *« Mahatratra 22 ireo sekoly voakasik'iny rivodoza iny ka nisy ny dibodrano, lasan'ny rano ary betsaka ireo simba teo anivon'ny ZAP 7 mandrafitra ny Cisco Ambilobe. Hatramin' izao, indrindra ny eto an-tampon-tanànan'Ambilobe sy ny manodidina mbola tsy afaka mianatra. Anio zoma, hivory indray ny komity handinika mikasika ny fiverenan'ireo ankizy mianatra indray.»*

*Mahatratra 22 ireo sekoly voakasik'iny rivodoza iny ka nisy ny dibodrano, lasan'ny rano ary betsaka ireo simba.*

Misy ireo mpianatra mipetraka avy any amin'ny tapany atsimo, ary betsaka ireo avy eny avaratra mianatra eny atsimo izay mbola tsy afaka miampita rano. Misy ireo mitokamonina tanteraka ireo tanana, isika rahateo tsy misy fiaramanidina, ny lalana tsy mbola misokatra ary ny amin'ny alàlan'ny rano ihany no azo hifamezivezena. Etsy ankilazan'izany, na ny sakafo ohanin'ireo ankizy aza mbola manahirana ny fitadiavana izany, satria ny tena an-tsaha simban'ny rano kanefa ny legioma sy ny sakafo sarotra hita. Voalaza fa ahitana lycée sy CEG ary EPP amin'ireo toerana ireo kanefa tena sarotra ny fiampitana. Voalaza moa fa efa mijery vahaolana ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena ho famahana ny olana amin'ireo fitaovam-pianaran'ireo ankizy izay lasan'ny rano. Tsiahivina fa 19 hatreto ny isan'ireo namoy ny ainy ary maherin'ny 88 000 ireo traboina.

**Nath**

Vaovao mahaliana ve ?
Gazetiko vakiana e !

Antananarivo - Sambava

# Impito miampita lakana, bajaj, taxibrousse vao tonga

*Mila manomana hatrany amin'ny 210 000Ar ho amin'ny saran-dalana ny olona iray miainga avy eto Antananarivo hihazo an'i Sambava.*



**Efa tokony hanomboka omaly ny asa fanamboarana ireo tetezana.**

Manomana hatrany amin'ny 210 000Ar ny olona iray miainga avy eto Antananarivo raha mikasa ho any Sambava. Ny sakafo sy ny pitsopitsony tsy tafiditra ao anatin'izany ary mila manomana 4 andro na mahery vao manantena ny ho tonga. Impito mifindra fitaovampitanterana ka tafiditra ao anatin'izany ny lakana, bajaj, taxibrousse sy izay azo atao rehetra. Raha vao miala eto Antananarivo, 100 000Ar ny saran-dalana hatreo Beramanja izay tongan'ny fiara farany. Rehefa tonga eo indray dia tsy maintsy miampita lakana 3 000Ar indray ilay olona. Afaka izay dia misy ny taximoto 15 000Ar manatitra hatreo amin'ny tetezana mena ary tsy maintsy mandeha an-tongotra miampita eo satria tapaka ilay tetezana. Aorian'izay, mandeha bajaj 10 000Ar indray miala avy eo mandram-pahatonga eo amin'ny tetezan'i Mahavavy ao Ambilobe. Rehefa avy eo indray mila mandoa 5000Ar hiampitana lakana eo amin' ny ranon'i Mahavavy. Araka ny fanazavan'ny koperativa iray miasa sy mitatitra olona any an-toerana, misy tetezana sy lalana 4 tapaka mampitohy an'Ambilobe sy Vohemar. Raha miainga avy Vohemar hatreo amin'ny tetezana avaratr'i Daraina mandoa saran-dalana 15.000Ar. Rehefa afaka an'i tetezana Manankolana, PK 99 RNS 5A io indray hatreo Maromokotra 10.000Ar. Ary ny farany avy eo Maromokotra hatrany Ambilobe dia 10.000Ar. Aorian'izay vao mandeha taxibrousse regional mampitohy an'i Sambava ka 40 000Ar indray ny saran-dalana amin'izany. Raha manatombo na betsaka ny entana entina azo antoka fa miampy ny saran-dalana fa tsy manaiky ireo mpitondra lakana indrindra indrindra. Tena tsara ihany koa raha tsy mandeha irery satria tsy fantatra izay olana mety hiseho mandritra ny dia.

**Fanamboaran-dalana**

Mbola tsy hilamina ato ho ato mihitsy ny olana satria tamin' ny filan-kevitry ny minisitra ny alakamisy teo vao tapaka fa hisy ny fepetra maika hamerenana ny fifamoivoizana amin'ny lalam-pirenena RN5A sy RN6 taorian' ny rivodoza Gamane. Anisan'ny voakasin'izany asa maika mila fanarenana izany ny tetezana Mahavavy RN6 567+93. Voalaza fa tsy ny tetezana no tapaka fa ny tany tao ambany no lasan'ny rano, dia tsy maintsy manao fanotofana haingana amin' ny alàlan'ny fampiasana vato. Tsy maintsy mametraka fiarovana amin'ny alàlan'ny vato aloha sy aorian'ny tetezana ihany koa mba hiarovana amin'ny rano mandeha ary farany dia tsy maintsy mametraka fiarovana amin'ny alàlan'ny fambolena bozaka. Hanomboka anio zoma 05 Avrily 2024 ny asa, aorian'ny fanetsehana ny famatsiam-bola noho ny hamehana avy amin'ny banky BEI. Tsy maintsy hisy ny fananganana tetezana vaovao izay hifampiraharahana amin'ny BEI na ny « Banque européenne d'investissement » ihany koa ny famatsiam-bola ny asa. Eo ihany koa ny Tetezana Ifasy II (RN6 : PK 537+327) izay lehibe kokoa ny fahavoazana satria ny tetezana mihitsy no lasan'ny rano. Noho izany dia tsy maintsy fametrahana “BAC” mahazaka vesatra 15 taonina no vahaolana maika indrindra, ary nanomboka omaly alakamisy ny asa. Anisan'ny vahaolana maharitra kosa ny fananganana tetezana vaovao azo ifanenana izay hifampiraharahana amin'ny BEI ihany koa ny famatsiam-bola ny asa. Anisan'ny tapaka ihany koa ny tetezana Ifasy I (RN6 : PK 537+109) izay mila fametrahana « passage à gué » manomboka ny 04 Avrily 2024 izay asa ho ataon'ny orinasa Colas ary famatsiam-bola noho ny hamehana avy amin'ny BEI. Vahaolana maharitra amin'io kosa ny fananganana tetezana vaovao azo ifanenana izay hifampiraharahana amin'ny BEI ihany koa ny famatsiam-bola ny asa. Ho an'ny tetezana Manankolana RNS5A (PK 99+000) sy ny tetezana Tenanimadiro (PK 67+700) ary ny tetezana Manambery (PK 537+327) kosa, efa nanaiky handray an-tanana ny fanamboarana ny tetezana ny orinasa CRBC ary hanao fanotofana ny tany manodidina ireo tetezana mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar. Efa nanomboka ny 31 Marsa 2024 ny asa, eo amin'ny tetezana Manankolana. Ezaka manokana nataon'ny Minisitera izay efa nampiverina amin'ny laoniny ny fifamoivoizana eo anelanelan'Ambilobe sy Antsiranana, sy Vohémar sy Sambava amin'izao fotoana izao.

**Fenitra**

Orinasa vaventy maro no nandefa ny antontan-taratasy mba ho isan'ireo voasafidy hanao ny hiasa sy mamaly ny tolo-barotra amin' ny fanamboarana fotodrafitrasa vaventy toy ireny. Raha iny lalampirenena RN5 iny fotsiny mantsy no asian-teny dia tena mampahonena ny zava-misy. Misy ny tandrevaka matoa toy ireny ny fahavoazana kanefa lalam-pirenena vao notokanana vao tsy ela izy iny. Torak'izay ihany koa ny tetezana izay azo ambara fa tsy manaraka ny fenitra mihitsy kanefa injeniera sokajiana ho mahay no nanao ny asa. Ny orana betsaka saingy tsy nisy rivotra nahery be iny rivodoza Gamane iny saingy toy ireny ny fahavoazan'ny fotodrafitrasa misy eto amintsika. Izany no tokony handraisan' ny fitondram-panjakana ny andraikiny amin'ny fanaovana fanadihadiana satria volam-bahoaka na vola indramina tsy maintsy haverina ny nanaovana ireny lalana sy tetezana ary fotodrafitrasa maro ireny.

**Nath**

" Musée Kitra "

## Kasaina hapetraka ao amin'ny Stade Barea



**Efa vonona tanteraka izahay fa ny toerana sisa no andrasana, hoy ingahy Romeo.**

Manana tetikasa hanangana « Musée kitra » ilay fikambanana « Jeunes Malgache Ambitieux ». Nambaran'ny filohany, Romeo Kandoharimanana fa etsy amin'ny stade Barea Mahamasina no kasaina hametrahana izany. Mbola anatin'ny fifampiresahana amin'ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny moa ity fikambanana ity, izay naneho ny fahavononana amin'ny fametrahana izany. Nambaran'ity filohan'ny fikambanana ity, fa « Musée moderne numérique » mihitsy no apetraka eto, izay tsy ho latsa-danja amin'ireny hita any ivelany toa an'i Brezila, Alemana, Maraoka, senegal... Misy ny fiaraha-miasa amin'ireo mpilalao fahiny, toa an-dry Kira Michel, Christian kely sy ny maro hafa, izay vonona hanohana, tsy ara-materialy sy vola ihany fa na ara-kevitra ihany koa, hoy hatrany ity filohan'ny JMA ity. Efa natsidiny sahady, hisy ireny « fanamiana, godasse, medaly, sary... » ho hita ao anatin'ity Mozea ity. Hisy ihany koa ny karazana hetsika fanentanana sy kilalao hatao isakin'ny faran'ny herinandro eny an-toerana, mba hanomezana fahafaham-po ireo mpitsidika. Eo am-piandrasana izany rehetra izany, miandry ny fahazoan-dalana avy amin'ny mpitondra sy mpitantanana io kianja Barea io ny fikambanana « Jeunes Malgaches Ambitieux », hahafahany manatanteraka ity tetikasa ity mba tsy hijanona ho nofinofy ihany.

*Misy ny fiaraha-miasa amin'ireo mpilalao fahiny, toa an-dry Kira Michel, Christian kely sy ny maro hafa.*

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Mbola mitana ny sain'ny maro ny vaovao nampalahelo nitranga tany amin'ny ranomasina Andaboy Toliara nandritra ny Alatsinain'ny Paka lasa teo. Atleta jamba iray, Félix Tovondrainy no voalaza fa tsy hita rehefa nilomano niaraka tamin'ireo namany. Raha ny vaovao voaray, efa hita ny alarobia teo ny vata mangatsiakany.

### Mampalahelo !

Betsaka ny fanehoan-kevitra nataon'ny olon-drehetra tamin'izany, indrindra manakiana ireo olona namela ity olona ity hilomano irery. Rehefa zohiana tokoa aloha dia tsy tokony ho afa-bela tamin'izao tranga izao ny olona tomponandraikitra namela irery ity atleta jamba ity handeha hirery teny an-dranomasina. Inoana fa mandeha ny fanadihadiana ka ho fantatra ny tena zava-marina nitranga. Ahoana tokoa moa no hamelana irery olona jamba handeha hilomano kanefa iaraha-mahalala fa na olona mahita izao aza matahotra rehefa mahita ilay onja mahery iny. Raha mbola eo amorona rahateo dia mety afaka hahatsapa sy hisy « répères » fa raha lasa lalindalina dia ho sahirna ka tsy hahafantatra ny atsimo sy varatra intsony. Ny tena loza, mety ho vao maika lasa tany afovoany izy kanefa nieritreritra ny hiverina hamonjy ny sisiny. Omena tsiny ihany koa ireo olona nahita ny zava-nitranga, izay inoana fa betsaka satria andro fitsangatsanganana no nitranga ity loza ity, saingy tsy nandray andraikitra namonjy na niantso mpamonjy, izay tokony hisy hatrany eny amin'ireny toerana fitsangatsanganana ireny. Antenaina, tsy hitranga intsony ny toy izao, ka mba handray ny andraikitra tandrify azy ny rehetra.

**Rabenaivo**

Lomano - Mada 2024

# Nandrombaka medaly volamena 3 ny ligin'Alaotra Mangoro

*Ezaka mitohy no nahazoana io vokatra io, teo koa ny fampitomboana ny " volume d'entraînement ".*



**Mbola azo tazomina tsara io fivoarana io any amin'ny dobo filomanosana 50m, hoy ity filoha ity.**

Manomboka mametraka ny anarany sy toerana eo anivon' ny taranja Lomano ry zareo avy atsy amin'ny Ligin'Alaotra Mangoro amin'izao fotoana izao. Na dia zandriny indrindra aza izy ireo, efa manomboka manohatra sy mifanandrina amin'ireo ligy ngeza zokiny. Nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'ny dobo filomanosana 25 ny faran'ny herinandro teo, nandrombaka medaly 10 ireo mpilomano avy any, ka ny 3 tamin'izany dia medaly volamena, 5 volafotsy ary 2 alimo. Naneho ny hafaliany tamin'izao vokatra izao ny filohan'ny Ligin' Alaotra Mangoro, Miora Andria Njaka, izay nanambara fa ezaka mitohy no nahazoana io vokatra io, teo koa ny fampitomboana ny « volume d'entraînement ». Nambarany fa hatrany amin' ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny dobo filomanosana 50m any Toamasina, tanterahana amin'ny volana may koa aza dia mbola azo tazomina tsara io fivoarana io, satria mbola azo ihafiana ny andro mangatsiaka. Raha hiverenana, mpilomano miisa 50 moa no nentin'izy ireo niatrika iny fifaninanam-pirenena tetsy amin'ny Esca iny, nambaran' ny CTR eo anivon'izany ligin'Alaotra Mangoro izany, fa anisan'ny mijaly eo amin'ny fotodrafitrasa izy ireo kanefa dia anisan'ny betsaka mpilomano any. Miantso ny eny anivon'ny fitondram-panjakana sy ny federasiona ny tenany, mba hijerena manokana ny ligin'Alaotra Mangoro amin'io dobo filomanosana io satria dia manana mpilomano tsara izy ireo. « Amin'ny manaraka hiezaka haka traikefa betsaka eo anivon'ny coach izahay », hoy hatrany ity CTR ity, izay hampiakatra ny kotrana hatrany hoan'ireo mpilomano.

**Rabenaivo**

## PASI PASI

Rakotomalala Jean Claude

# Mbola milalao sy mitarika an-janany eny an-kianja hatrany

*Tsy ireo taranja efa nandalo teto ihany no ahitana fianakaviana milona anatin'ny fanatanjahantena, manana ihany koa ary tena maro ny mpianakavy eny anivon'ny taranja badminton. Iray amin'izy ireny no hampahafantarina eto amin'ny PASI PASI anio.*



**Fianakaviana tena milomano amin'ny fanatanjahantena izy ireto.**

***Gazetiko :*** Anaranao feno

***JCR :*** Jean Claude Rakotomalala

***Gazetiko :*** Firy taona izy dia mbola manao spaoro ve dia inona ilay spaoro atao ?

***JCR :*** Badminton sy Basketball no taranjampanatanjahantena nataoko.

***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao ireo spaoro ireo ?

***JCR :*** Tany Mahajanga no nanombohako nanao badminton tamin'ny 1990. Efa anisan'ny nandrafitra ny ekipan'ny COSFA Basket-ball (veteran) hany koa teo anelanelan'ny 2008-2018.

***Gazetiko :*** Firy ny zanakao, iza avy dia manao spaoro daholo ve ?

***JCR :*** 4 ny zanako (Sarobidy, Serenah, Nadia sy Jo). Manao badminton izy 4 fa ny 3 no mbola manohy amin' izao ary manao basket ao amin'ny Mb2all ihany koa ny 3.

***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?

***JCR :*** Nahita ahy nanao izy ireo dia nanaraka ary lasa tia ilay fanatanjahantena koa

***Gazetiko :*** Efa nisy voaantso handrafitra ny ekipampirenena ve ny zanakao ?

***JCR :*** I Nadia no efa présélectionné tamin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 natao teto amintsika farany teo.

***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany ?

***JCR :*** Mahafinaritra satria mitovy ny fitiavana.

***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?

***JCR :*** Ankoatran'ny milalao basket sy badminton dia tia mijery match ihany koa indrindra rehefa « championnat ». Tia milomano sy mihaino hira ary mandihy koa.

***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.

***JCR :*** Tsara raha taizana ao anatin'ny spaoro ny ankizy satria anisan'ny sehatra iray lehibe ahafahan'ny ankizy mivoatra eo amin'ny fiainany izany . Ny Raiamandreny koa tsara raha manao spaoro satria sady mitaiza vatana no ahazoana fahasalamana lalandava. Raha ho anay manokana dia azo lazaina fa fianakaviana tena milomano ao anaty fanatanjahantena izahay.

**Rabenaivo**

## TSIAHY / TSIARO

Mamy Ravelomanantsoa - Hery J.Razafintsalama

# Ireo mpilalao sangany tamin'ny fanaovana tifi-davitra tamin'ny basket-ball



**Naompany tamin'ny basket-ball ny androm-piainany !**



**Efa namoaka mpilalao kalaza vavy sy lahy maro**

Maro ny mpilalao nisongadina tamin'ny fanaovana tifi-davitra tamin'ny filalaovana basket-ball teto amin'ny firenena. Anisan'ny nofantenanay manokana kosa ireto mpilalao roa lahy ireto, izay tena nanana ny lazany sy ny talentany tokoa tamin'ny fiangaliana mitifi-davitra, dia i Mamy Ravelomanantsoa, efa nantsoin'Andriamanitra nody any aminy vao tsy ela akory izay fa amin'ny mpanao fanatanjahantena sy ny artista moa dia tsy filaza loatra ny hoe "Itompokolahy na Itpkv (Itpkl – Itpkv)", sy Hery Johanesa Razafintsalama, mbola tsy mila amin'ny fanarahana ny fifaninanana bakset-ball sy amin'ny maha mpanazatra azy indrindra ihany koa. Heverinay fa mitovy hevitra amin'ny tenanay ny mpiondana sy ny mpankafy basket-ball, nahita azy ireo nilalao teny ambony kianja tamin'ny fotoan'andro nampahalaza azy, raha mampisongadina azy ireo izahay tamin'izany fahaiza-manaony tamin'ny tifi-davitra nataony izany ny tenanay.

**Nomena anarana " Main d'Or "**

Mamy Ravelomanantsoa dia mpilalao tsy mba niovaova ekipa na "kolera" nilalaovana mihitsy, nandritra ny androm-piainany tamin'ny filalaovana basket-ball, teo amin'ny sokajy " jeune – senior – vétéran ". Mpilalao novolavolain'ny mpanazatra Rakotoarivelo Edmond, nantsoin'ny maro tamin'ny solonan'anarana hoe "Ratafy", tao amin'ny " Stade Olympique de L'Emyrne (S.O.E)" na ny Menavalahana izy, izay nitondra avo ny voninahitry ny ekipa teto Imerina tamin'ny fifaninanam-pirenena nandraisany anjara, niaraka tamin-dry Roland Ravolomaso sy Henri "Kely" Randrianjatovo ary ry Olivier Ramanamizao.... Noho ny fahaizany mitifi-davitra amin'ny alalan'ny fanaovana "*tir en suspension*", izany hoe mitsambikina ambony ary mihantona ny lehilahy vao mitifitra manipy ny baolina eny am-pelan-tanany, miditra ao anaty "panier", dia nomen'ny mpankafy anaran-tsy very hoe "Main d'OR" mihitsy ny lehilahy. Tsy mifidy toerana na faritra hitifirana i Mamy "Main d'Or" fa izay ametrahany ny tongony dia tsy amelany raha tsy tafidiny ny baolina. Miaraka amin'ilay fihetsika manilika ny volony tsotra sorobilana iny. Tsy mbola misy an'ireny "zone de 6 mètres " ahazoana isa telo ireny tamin'ny fotoan'andro nilalaovany, fa raha tsy izany dia voahosotra " *Most Valuable Player (M.V.P)* " matetika ny tenany tamin'ny fampidiram-baolina nataony. Ankoatra ny S.O.E Menavalahana dia efa niaro ny voninahi-pirenena tamin'ny fifaninanana iraisampirenena, nandraisan'ny ekipam-pirenena sivily sy oniversite, anjara ihany koa i Mamy "Main d'Or", izay nahavariana ny mpilalao vahiny tokoa ny fahaizany mitifi-davitra.

**Nalaza tamin'ny " double poignet "**

Anisan'ny hevitra itovizan'i Mamy "Main d'Or" sy Rahery amin'ny filalaovana basket-ball dia ny tokony ahaizana sy amehezana ny fitifiran-davitra, izay tsapan'izy ireo fa lesoka amin'ny mpilalao ankehitriny kanefa tsy tokony atao ambanin-javatra ny fianarana an'izany, aoriana sy mandritra ny fotoana fanaovana fanazarantena. Nohamafisin'i Rahery tamin' ny resadresaka nifanaovana taminy fa namolahany ny tanany tamin'ny fahaizany mitifi-davitra, dia ny fanaovany fanazarantena samirery, tsy ao anatin'ny fotoana fanaovana fanazarantena miaraka amin'ny namany. Isan'andro dia tsy nisy tsy nahatsikaritra azy nanao an'izany teny amin'ny kianjan'i Mahamasina, na maraina na hariva rehefa manam-potoana ny lehilahy. Nomarihany fa mahatratra 300 ka hatrany amin'ny 600 ny tifi-davitra vitany, vao miala eny ambony kianja ny tenany. Nampisongadina azy ny fahaizany mampiasa ny tanany roa mikambana, manao "double poignet", rehefa mitifitra. Momba ny toerana misy ny basket-ball amin'izao fotoana izao, dia anisan'ny resy lahatra ny lehilahy ka noderainy manokana ny Filohan'ny FMBB, Atoa Ramaroson Jean Michel "Mika" amin'ny fitantanana ataony amin'ity taranja ity. " *Miakatra ny lentan'ny basket-ball. Mpilalao i Mika ka fantany tsara ny hampivoarana an'ity taranja ity* ". Hatramin'ny nandraisantsika anjara tamin' ny "Afrobasket" sy fifaninanana iraisampirenena tamin'ny sokajy tanora sy "senior" lahy sy vavy ireny, hoy hatrany izy, dia mihamaro ny mpilalao sy ny ekipa miangaly basket-ball, ary nivaotra ny fahaiza-manaon'ny mpilalao. Notsipihiny manokana kosa ny toe-batan'ny zazalahy, izay efa maro ny manana halavana ilaina amin'ny filalaovana an'ity taranja ity. Ankoatra ny fianarana mitifi-davitra, dia nasiany teny koa ny tokony hanalehibiazan'ny mpilalao ny vatany amin'ny fikotranana amin'ireny " salle de musculation " ireny, izay maniry ohatran'ny anana raha tsy hitanisa afa tsy eto an-drenivohitra fotsiny. Derainy koa ny ezaka ataon'ny tekinisianina sy ny mpanazatra, izay mpilalao toa azy ny ankamaroany, mampita ny fahaizana sy ny fahalalana ary ny traikefa amin'ny mpilalao ankehitriny. Ampatsiahivina fa mpilalao novolavolain'ny ekipan'ny Fandrefiala i Rahery, nanomboka tamin'ny " *mini-basket* " ka hatramin'ny naha " senior " azy. Anisan'ny ekipa efa nilalaovany, ankoatra ny naha mpikambana azy naharitra tao anatin'ny " Ekipa Nasionaly Malagasy ", ny Dynamo de Fima, niaraka tamin-dry Deparcoin Rakotomalala, sy ny COSFAP nisy an-dry Rakômandô sy ry Auchquin ary Ngalahy. Rehefa nitsahatra tsy nilalao intsony izy dia nanazatra ekipa lehilahy sy vehivavy maro, izay nahazoany anaram-bonina hitra maro.

**aris rafaly**

Lalaina Nomenjanahary "Bolida"

## Afaka manazatra ekipam-pirenena A

Nivaly ny fanadinana nataon'i Nomenjanahary Lalaina Henintsoa « Bolida », nangalany ny mari-pahaizana « *Brevet d'Entraineur de Football – UEFA A DIPLOMA (Titre à finalité professionnelle de niveau 5)* », eo ambany fiahian'ny UEFA sy ny federasionina frantsay amin'ny baolina kitra (FFF), ka afaka soa aman-tsara ny tenany. Araka izany dia fantatra fa afaka misahana ny fanazarana ny ekipam-pirenena A i Bolida. Mialoha an'izao dia marihina fa efa nomen'ny FFF mari-pahaizana dingana voalohany, nahazoany manazatra ny ekipan'ny Paris FC latsaky ny19 taona koa izy, ka ny toeran'ny mpanazatra lefitra no tazominy amin'izany. Taorian'ny nitsaharany tsy nilalao baolina kitra matihanina sy ny nandraisany fanapahan-kevitra tsy ho mpikambana tao anatin'ny Barea de Madagascar intsony, dia anisan'ny tanjona nokinendriny ny ahazoana mari-pahaizana amin'ny maha mpanazatra avo lenta amin'ity taranja ity. Mbola vao mari-pahaizana anankiroa izao no eo am-pelan-tanany, ka araka ny resaka nifanaovana taminy dia mbola misy fanadinana anankiroa no atao vao afaka manazatra ekipa matihanina. Mitovy lenta amin'ny "Licence CAF" afahana mitantanan ekipam-pirenena A aty amintsika ny fahazoany an'io mari-pahaizana faharoa io, izay nanteriny fa henjana ny fanadinana natao vao tonga tamin'izao sehatra izao ny tenany. Momba an'ireo diplaoma anankiroa, alaina raha te isahana ny ekipa matihanina, dia nanteriny fa mbola maozatra ny dingana sy ny fanadinana amin'izany. Tahaka izao ny dingana sedraina : - 1°/ Voalaza fa mahatratra 400 ny isan'ny mpiadina kanefa 50 amin'izany ihany no raisina. Fanadinana efatra no atao amin'izany ; 2°/ Mitovy amin'izay ihany ny faharoa fa saingy folo sisa ny mpiadina raisina.

*Tombony ho an'i Bolida ny efa nilalaovany tao anatin'ny ekipa matihanina "Ligue 1".*

**aris rafaly**




**Tafiditra amin'ny hetahetany ny ho mpanazatra.**

## ANY IVELANY

***# Memphis Depay mpanavotra mpilalao.*** - Nitaraina, nangata-bola tamin'ireo namany akaiky sy mpiray tanindrazana taminy ilay brezilianina Dani Alves, ho solon'ny fanafahana azy tany am-pigadrana. Tsy nisy nanohina ny antso nataony fa ilay teratany holandey Memphis Depay no nanome vola iray tapitrisa dolara ho azy ka afaka soa aman-tsara ny lehilahy. Nanome toky i Dani Alves fa rehefa miverina milalao ny tenany dia onerany ny vola naloan'ity mpilalao holandey ity. Fandavana avy hatrany no nasetrin'i Memphis Depay an'izany fa fitiavana namana no mahatonga azy manao an'izany fihetsika izany, toy ny nataony tamin'i Quincy Promes sy Benjamin Mendy.

***# Neymar hiverina amin'ny kliobany. –*** Nampanantena ny klioba nitaiza sy nilalaovany tany Bresil i Neymar Junior, fa aorian'ny fahataperan'ny fe-potoana ilalaovany amin'ny taona 2025, any amin'ny ekipan'ny Al-Hill Arabia Saodita, dia hiverina any amin'ny FC Santos ny tenany, izay heverin'ny mpanaraka kitra fa hanaovany fisotroan-dronono amin'ity taranja ity.

**a.r**

" Tournoi National "

## Afa-po ny Olives Vertes

Anisan'ireo ekipa nandray anjara tamin'ny « Tournoi National U11/13/17 », notanterahina teny amin'ny kianja Ambohidratrimo, tamin'ny fetin'ny paska teo, ny ekipan'ny Les Olives Vertes avy any Toamasina. Nambaran'ny tomponandraikitra fa afa-po tamin'ny vokatra azony ny ekipany : « Demi Finale - U11 » ; Les Olives Vertes Resin'ny Boriziny Mahajanga tamin'ny « tirs au but » ; « Finale - U13 » : Nandresy 2 no ho 0 ny 3 FA Avaradrano ; « Finale - U17 » : Resin'ny AJESAIA Ivato 1 no ho 0.

**a.r**

## Sarisary zary tenany

**Misy**




## Hatsikana an-tsary

**Be loha**




## Masoandro Miposaka

**ASAN'NY APOSTOLY 13 : 44-45**


Ary nony tamin'ny Sabata manaraka, dia saiky tafangona avokoa ny tao an-tanàna hihaino ny tenin'Andriamanitra. Nefa ny Jiosy kosa, raha nahita ny vahoaka betsaka, dia feno fialonana ka nanohitra ny teny nolazain'i Paoly, sady niteny ratsy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Hoatra ny fe nanoharana amalona, ka ny amalona no lany, fa ny fe tsy mbola miova.**

Comme la cuisse à laquelle on a comparé une anguille : l'anguille a été mangée, mais la cuisse reste.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3213**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | 7 | | | | |
| | 6 | 4 | | | | | | 8 |
| | 9 | 1 | | 6 | | 2 | | |
| | | | 2 | | | | | 1 |
| | | | | | | | | 3 |
| 5 | | | 7 | | | | | |
| | | 6 | | 4 | | | 1 | |
| | 8 | 5 | | 9 | | | 6 | |
| 4 | | | | | 3 | | | 7 |

Valin'ny laharana **3212**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 6 | 5 | 7 | 3 | 8 | 1 | 4 | 2 |
| 2 | 8 | 3 | 6 | 1 | 4 | 9 | 5 | 7 |
| 1 | 7 | 4 | 5 | 2 | 9 | 6 | 8 | 3 |
| 5 | 2 | 7 | 4 | 6 | 1 | 8 | 3 | 9 |
| 6 | 3 | 9 | 2 | 8 | 5 | 7 | 1 | 4 |
| 8 | 4 | 1 | 3 | 9 | 7 | 5 | 2 | 6 |
| 4 | 9 | 6 | 1 | 5 | 3 | 2 | 7 | 8 |
| 3 | 1 | 8 | 9 | 7 | 2 | 4 | 6 | 5 |
| 7 | 5 | 2 | 8 | 4 | 6 | 3 | 9 | 1 |

**HOTSAKOTSAKOINA**
"Aoka hatoky AZY, tano ny finoana fa Izy no hitantana sy tsy hamela anao hidona."
Ny Vetso (03/10/16)
("Have faith. Trust in the Lord. And He shall guide you.")

Fanjakana - Sehatra tsy miankina

# Nivory voalohany ny komity nasionaly mandrindra ny fiaraha-miasa



**Mampitovy tadin-dokanga ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina.**

Mpiara-miombona antoka amin'ny fampandrosoana ny fitondram-panjakana sy ny sehatra tsy miankina. Notanterahina omaly teny Ivandry ny fivoriana voalohan'ny komity nasionaly misahana ny fandrindrana ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanjakana, na ny CNPPP. Anisan'ny nodinihina tamin'io fotoana io ny fitsipika anatin'ny CNPPP, ny pôlitika nasionaly ho fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina, ary ny tetikasa azo tsapain-tanana eo anivon'ny minisitera tsirairay avy. Tsiahivina fa mpikambana mandrafitra ity komity ity ny avy amin'ny mpikamban'ny governemanta sy ireo mpandraharaha avy amin'ireo vondrona ikambanan'ireo sehatra tsy miankina. Nandray anjara tao anatin'ity fivoriana ity ny avy amin'ny fanjakana, izay nahitana ny sekretera jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola, ny Minisitry ny serasera, ny Minisitry ny tanora sy ny fanatanjahatena, ny Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny fitsinjaram-pahefana, ary ny Minisitry ny angovo sy ny akoranafo. Ny Minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola, Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo, no nitondra ny teny avy amin'ireo mpikamban'ny governemanta, ka nanamafy fa ny fitadiavana fiaraha-miasa eo amin'ny lafiny angovo no tena maika indrindra. Anisan'ny maneho ity endrika fiaraha-miasa ity ohatra ny fitantanan'ny Ravinala Airports ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena Ivato sy Nosy Be.

**R. Muray**


**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 620 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000


## Nahandro

### Paty amin'ny poarao sy fromazy

Zavatra ilaina : paty 250 g, poarao 3, fromazy 200g, crème fraîche 200ml, divay fotsy 100ml, tongolo be 2, dibera 2 sotro lehibe

Diovy tsara dia teteho ny poarao. Maka vilany dia endaso amin'ny dibera kely ny tongolo be sy ny poarao. Araraho ao ny divay fotsy sy ny crème fraîche. Ataovy afo malefaka. Etsy an-kilany ampangotrahy ny paty. Teteho madinika ny fromazy. Rehefa masaka ny paty dia tsihifo ka arotsahy anaty vilany miaraka amin'ny poarao. Afangarohy amin'ny farany ny sakafo rehetra dia araraho eo ambony ny fromazy.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**30 mars au 05 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Jeunesse
09.45 : Full Sport ®
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12H30
12.45 : VAOVAO 13H00
13.00 : A votre santé
14.00 : Film Comédie
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full music
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Sport
18.10 : Ny Vehivavy
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : NY VAOVAON'NY MA-TV
20.30 : Film Dramatique
23.00 : Journal international
23.45 : Film Frisson
02.00 : Documentaire
04.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
04.30 : Série ®
05.00 : FAM ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

*****************

VIVA

01.30 : Film
03.06 : Film
04.36 : Clips : Misy Raha ®
05.06 : Journal : Viva Événement VM ®
05.48 : Culte : Tsara taiza
05.53 : Information : Minute Fihariana ®
05.56 : Clips : Christian music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Act Av Po : ARROW
08.16 : Série : Star Wars : The Clone Wars
08.39 : Série : Parks and Recreation
09.09 : Série : Mr and Mrs Smith ®
09.59 : Film
12.08 : Série k-drama : Crash Landing On You ®
13.18 : Viva Prod : LALANA ®
13.28 : Clips : Misy Raha
13.58 : Film
15.54 : Sport : Top Chrono ®
16.20 : Série k-drama : Crash Landing On You
17.30 : DA : Minions the rise of gru 2022
18.30 : Viva Prod : Game in ®
19.03 : BET 261
19.30 : Viva Prod : Viva Événement VM
20.30 : Viva Prod : Viva Événement VF
20.50 : Talk-show : DATA
21.22 : Film nouveauté
23.17 : Viva Prod : Viva Événement ®
23.57 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

*************

06.00 : Musique
06.15 : So COOL
08.15 : Série
08.45 : Mozika
10.00 : Shopping TV
10.30 : Série
11.00 : Mozika
12.00 : Série
12.15 : Instafun
13.15 : Jv News ®
14.10 : Mecamag ®
14.30 : That's Hit
15.10 : Mozika
16.50 : Smiling Time
18.00 : After
19.25 : Le Journal
20.00 : NyVaovao
20.50 : Ankitsipo
21.50 : Cinéma
23.50 : NyVaovao ®
00.30 : Cinéma
02.00 : Bonne Nuit avec KOLO TV

************

RECORD TV

05.30 : Réveil de la foi
06.00 : JOURNAL ®
06.30 : LA MATINALE
08.00 : DIVERTISSEMENT / DOC / DESSINS ANIMES / MAGAZINE
08.30 : TOI MON AMOUR ®
09.25 : MAGAZINE ET DESSINS ANIMES
10.30 : I-VAOVAO
12.30 : ASINTADO ®
13.10 : Hirantsika
14.30 : TOI MON AMOUR
15.30 : FILM
17.00 : Destination Malagasy
19.00 : J.RECORD
19.45 : ASINTADO
20.30 : ALEO RESAHANA ANAO NY SEHATRA
21.00 : PAROLE DE VIE
21.15 : FILM
23.00 : FILM
00.30 : FRANCE 24

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

# Izy no izy

Randrianarivelo Dieu Donné

## Mpanao karate sy mpilalao baolina kitra

*Mpamorona sady tale jeneralin'ny Mention Transit et Douanes ao amin'ny vondrona INSPNMAD ny tenany ary filohan'ny Fiangonana FLM Antsahameva. Mpanao karate sy baolina kitra ihany koa ary filoha lefitry ny federasiona malagasy ny ady totohondry amin'izao. Izy no vahinintsika eto amin'ny Izy no Izy anio.*

Randrianarivelo Dieu Donné no anarany, manambady manan-janaka roavavy sy zafikely iray. Zanak'i Rakotoarivelo sy Rasoarivelo Jacqueline, izay ny Fiangonana Loterana Malagasy (FLM) no arahan'ity fianakavina ity, izay mipetraka etsy Antsahameva Ankatso. Tany amin'ny EPP Brickaville no kilasy nitsahin-dRandrianarivelo Dieu Donné voalohany, rehefa 7ème kosa dia nifindra tao amin' ny EPP Bel'air Vohibola. Notohizany tao amin'ny CEG Nanisana avy eo ka noho ny fahasahiranan'ny ray aman-dreniny dia tsy maintsy nanala Bacc A2 na dia vao kilasy seconde « 2nde » aza. Tsy afaka izy teo ka namerina fanindroany izay vao afaka sady niezaka mampiana-tena nitady documents sns …izany hoe indroa nanala Bacc. "Rehefa nahazo Bacc A2 dia nanohy fianarana



Manankina ny fiainany tanteraka amin'Andriamanitra ny fianakavian-dRandrianarivelo Dieu Donné.

« Gestion télé-enseignement » teny Faravohitra, ka nitsiry tato anatiko ny hevitra dia nanangana « cours télé-enseignement IPN Clinton » izaho sy ny rahalahiko ary nihitatra tamin'ny famoronana ny Université INSPNMAD, izay misy « Mention » maro amin'izao, fa ny « Transit et Douanes » kosa no noforoniko sy iandreketako", hoy izy.

**Fahatsiarovana**

Mpiandry ary filohan'ny Fiangonana FLM Antsahameva ihany koa ny tenany, ka anisan'ny fahatsiarovana tsara teo amin'ny fiainany ny niantsoan' Andriamanitra azy ho lasa mpanompony, ary koa ny nahazoan'ny zanany vavy faharoa « Mention bien » tamin'ny Bacc, izay vao 14 taona ary tao amin'ny « classe de 1ère ». Teo ihany koa ny nahalasa mpampianatra amin'ny Université maro ny zanany vavy voalohany, izay miaramiasa amin-drainy ihany koa ankehitriny. Mbola tsy adinony koa ny nahazoany ilay zafikely, izay tena mamy amin'ny fiainana. Teo amin' ny sehatry ny asa indray dia mbola tsaroany ny famohanana ny andiany voalohany tamin'ny « Mention Transit et Douanes ». Fahatsiarovana ratsy kosa ny nahalasan' i dadany sy ny voka-dratsy nateraky ny COVID 19 izay nahazo azy. Ny henakisoa sy ravitoto no sakafo tena ankafiziny ary ny karate sy ny baolina kitra no fialamboliny. Tena tia mahandro sakafo indrindra fa nahandro malagasy ity tale jeneraly ity, izay tso-piaina sady tia mangoraka olona saingy hentitra kosa nefa. « Mila manankina ny fiainana amin'Andriamanitra tsy ankanavaka na ny lehibe na ny ankizy na ny tanora » no hafatra nampitainy. « Mila mangataka fahendrena amin'Andriamanitra fa na manam-pahaizana fa tsy manana fahendrena àry ianao dia zava-poana ihany izany », hoy izy, izay nanamafy fa « ao anatin' izay fahendrena izay no tsindriko manokana ny fanajana sy fankatoavana ny ray amandreny ». « Asa masina ny fanabeazana sy ny fampianarana ka aoka isika ao amin'io sehatra io, mba hiezaka ho mendrika ho mpanabe marina tokoa ».

T.H

# Teny rehetra teny






Sasa-miandry ny fahavitan'ity teleferika ity ireo vahoaka leo fitohanan'ny fifamoivoizana.

# Teny rehetra teny






Mba inona ary izao no tao an-tsain'ireto mpiray tanindrazana amintsika ireto ?



Rahoviana vao mba ho tonga saina isika ? Dia mifanome tsiny fotsiny rehefa mitranga ny loza !



Tonga nanotrona ny kandida ho solombavambahoaka Avanamiarantsoa Tania teny amin'ny OVEC Ambohimanarina ireo mpanaradia azy.




Mitohy ny fiaraha-miasa amin'ny Fanjakana Frantsay eo amin'ny sehatry ny vonjy voina



Nampanantena ireo tomponandraikitra any Morondava ny Filohan'ny Antenimierandoholona fa hitondra ny olan'ny mponina any amin'ny Governemanta.